

ITAOSY - MPANGALATRA NIALA ZANDARY 4

# NITSAMBIKINA AVY ENY AMIN'NY RIHANA VOALOHANY

# Gazetiko


www.gazetiko.mg

Laharana 7831 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Talata 26 martsa 2024

**BEN'NY TANANAN'ANTSIRANANA I 7**

## VOASAMBOTRA HOY NY FIADIDIANA NY TANANA, TSY MARINA HOY NY POLISY

**SONDRO-BIDIM-PIAINANA - TSY FANDRIAMPAHALEMANA 7**



## MIANTSO FANDRAISANA ANDRAIKITRA NY FFKM

**MARINA IZANY ! 7**

**TOKONY HO RANGA SOFINA !**

**FIOMANANA PASKA 9**

**NANOMBOKA OMALY NY HERINANDRO MASINA**


**FANAMBARANI CHRISTINE R. 9**

**MILAZA HANDRAY FEPETRA NY TGV-IRD**

**KITRA - " FENÊTRE FIFA " 11**

**NIONDRIKA TAMIN'NY ISA 2 NO 0 NY BAREA**

**TOETRY NY ANDRO 9**



**HO BETSAKA NY ROTSAK'ORANA AO ANATIN'NY 4 ANDRO**

# Telma



# Yellow 200

**50** SMS ET/OU Mo

**+20%** BONUS DATA

200 Ar | Tape le #322\*63#

GCL 762/25-22

Miantsenà @MVola eny @tranom-barotra mahazatra anao



**-50%** NY FRAIS REHEFA ALOA @MVOLA

TSINDRIO NY #111\*1#

NA AMPIASAO NY APP

# MVola

GCL 763/13-11

## Sakaizan'ny Teatra Malagasy

# Tantara telo holalaovina etsy amin'ny Aft Andavamamba

Piesy teatraly fohy avokoa ireo tantara holalaovina ireo ary mahakasika ny zavatra hita eny anivon'ny fiarahamonina avokoa.

Hankalazaina maneran-tany rahampitso 27 Marsa ny andro maneran-tany ho an'ny teatra. Manamarika izany isan-taona isika ka amin'ity taona ity dia hanamarika izany ny amin'ny seho an-tsehatra ary hanolotra tantara ny Sakaizan'ny Teatra Malagasy. Amin'io fotoana io ihany koa no hanokafana ny taona teatraly. Hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro etsy amin'ny Alliance Française Andavamamba ny hetsika ka ny Sakaizan'ny Teatra Malagasy ao amin'ny Lycée JJ Rabearivlo (STM LJJR) sy ny Fanilon'ny Teatra Malagasy (FTM) etsy amin'ny Lycée Ampefiloha no hifampizara sehatra. Piesy tataly 3 no atolotr'izy ireo amin'izany dia "Lova sa valisoa?" izay niarahan'ny Sakaizan'ny Teatra Malagasy namorona, "Le lamba" nosoratan'i Mbato Ravaloson ary "Faraingoka" nosoratan'i Mialy Rabariarisoa, tomponandraikitra ny FTM. Araka ny fanavan'i Michel Razafimahay,



Ireo tanora mpianatra Sakaizan'ny Teatra Malagasy ao amin'ny Lycée JJ Rabearivelo.

mpitarika ny STM LLJR dia "Piesy teatraly fohy avokoa ireo tantara 3 holalaovina ireo ary mahakasika ny zavatra hita eny anivon'ny fiarahamonina avokoa". "Lova sa valisoa?" ohatra dia fanentanana ny Ray aman-dreny hampiana-janaka sy famporisihana ny tanora koa satria ny fianarana no loharanompandrosoana ary ny Ray aman-dreny no mahazo valisoa voalohany rehefa tafita ny zanany. Ilay tantara hoe "Le lamba" indray dia notakariny tamin'ny tononkalo "Le lamba" an'i JJR izay maneho ny hasarobidin'

ny Kolontsaina malagasy. Tanora mpinamana, misy ny manambany ny fitafiana lamba, misy indray ny manentana ny namany mba tsy ho menatra mitady ny an'ny malagasy. Ary ny farany dia "Faraingoka" nosoratan'i Mialy Rabariarisoa, tomponandraikitra ny FTM. Tantaran'ankizy maditra izy io ka ny ankohonana manontolo no nitondra faisana noho ny hadalany. Ankoatra ny teatra dia samy hilalao tononkalo ny tarika roa tonta ka ny STM hilalao ny tononkalon' i JJ Rabearivelo, ny FTM kosa hilalao tononkalo noso-

ratan'ny mpikambana ihany. Mandritra ity hetsika etsy amin'ny Aft Andavamamba ity ihany koa no hitondran'ny FMTM ny hafatra avy any amin'ny "Institut International du theatre". Marihina fa maintimolalin'ny STM ihany no mampiofana ny mpianatra ao amin'ny FTM LMA. Mizara ny trainkefa azony ary manohy ny asa fampitiavana sy fampiroboroboana ny teatra. Tanjona lavitrezaka moa ny hanelezana azy ity manerana ny sekoly rehetra eto Madagasikara.

Tiaray R

## Fenoarivo Atsinanana

## Simba sy ahiana hianjera ny tsangambaton'i Jean Freddy

4 taona aty aoriana mitady hianjera ny tsangambato fahatsiarovana an'i Jean Freddy, mpanakanto nanana ny maha izy azy tany amin'ny faritra Atsinanana iny. Ny Basesa sy ny Kaimba no tena nahafantarana azy. Ny tomponandraikitra ny vakoka any an-toerana no manohana azy amin'ny hazo mba tsy hianjerany. Ankoatra izay ahitana fahasimbana sy toa mihinan-tena ihany koa ny vatany. Raha tsiahivina, efa nianjera ary potika tantaraka ny tsangambaton'i Dede de Fenerive ny taona 2022. Tamin'izay fotoana izay dia naneho ny alahelony ny mponina tany an-toerana satria toa etraketraky ny olona ilay izy ary samy nanameloka izay nahavanon-doza avokoa ny rehetra. Tamin'ny fotoana nianjeran'ny Tsangambaton'i Dede de Fenoarivo no efa nisy nampahafantatra sy nampaneno lakolosy fa tsy ho ela dia hianjera ihany koa ny an'i Jean Freddy. Araka izany, dia miantso ny tompoandraikitra isan'ambaratongany mba hijery manokana ireo tsangambato ahatsiarovana olomanga eo amin'ny tontolon'ny kolontsaina sy ny kanto tsangambato ny mponina any an-toerana. "Tokony ho soloina tsangambato hafa fa tsy atao tahaka ny teo aloha intsony". Hoy izy ireo. Anisan'ny toerana mahasarika mpizahatany anatin'ny sy avy any ivelany ihany koa io toerana io noho izy amoron-dranomasina. Ny mpandalo moa dia milaza fa ohatra ny tsy tany Fenerive Est raha tsy maka sary eo amin'io toerana misy tsangambato io.



Tokony ho soloina tsangambato hafa fa tsy atao tahaka ny teo aloha intsony.

Tiaray R

midigazetikom@gmail.com

## Ry zareo vahiny

Meghan Markle sy Prince Harry

### Nankahery an'i Kate Middleton !

« Mirary fahasalamana sy fahasitranana an'i Kate sy ny ankohonany ary manantena fa afaka hitsabo tena ampahatoniana ». Izay raha adika tsotsotra amin'ny teny mala-

gasy ny teny fampaherezana nataon'i Meghan Markle sy Printsy Harry taorian'ny nandrenesan'izy ireo fa voan'ny homamiadana ary mahatsiaro mijaly vokatr'io aretina

io Kate Middleton. Voalaza fa niantso mivantana an'i Kate Middleton izy mivady ireo mba hankahery azy amin'izao fotoan-tsarotra lalovany izao. Nambaran'ny gazety any an-toerana fa tsy fantatra mihitsy izay nasetrin'ity vadin'ny printsy William ity tamin'izany. Iarahan'ny rehetra mahalala rahateo ny faharisarisan'ny fifandraisan' izy ireo nandritra ny taona maro.

Ho tantara mitohy indray ato

ho ato ity resaka manodidina an'i Kate voan'ny homamiadana ity. Ny fifandraisan'ireo printsy mpirahalaha izay somary misara-bazana ka nahatonga an'i Hary sy Meghan nisintaka lavitr'i Angletera mihitsy. Mbola tantara mitohy ihany koa ny aretin'ny mpanjaka Charles rain'izy mirahalaha izy ireo, izay tratran'ny homamiadana ihany koa.

Nangonin'i Fy



Printsy Harry sy Meghan, efa nisintaka lavitra ny fianakaviana mpanjaka tao Angletera.

#### ERRATA

Lors de la publication du journal « GAZETIKO » le 17 novembre 2023, le numéro de la procédure concernant le jugement civil n°5685 du 12 septembre 2022 a été erroné ; au lieu de 6536/23, lire 3875/22. La phrase « la propriété » a été omise dans le dispositif « par ces motifs ».

GCL 784/1-1

#### FAMOAHANA AN-GAZETY

Ho fanatanterahana ny matoan'ny didin'ny Filoha laharana faha-089 tamin'ny 22 martsa 2024, ary koa ny andininy faha-232 sy ny manaraka ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny paika ady madio, ny fitsarana Ambaratonga Voalohany Ambatolampy dia manome alàlana an-dRamatoa FENO FITIA NANDRIANINA Novia Simondinah, monina ao Behenjy Centre Kaominina Behenjy, Distrika Ambatolampy, handefa an-gazety ny didim-pitsarana laharana faha 577 tamin'ny 07 novambra 2023 izay ifanolanany amin'i ANDRIANARISON Fanomezana Isaia Annita, izay toy izao manaraka izao ny votoatiny:

NOHO IREO ANTONY IREO:

Mitsara ampahibemaso, natrehan'ny mpangataka, amin'ny raharaha ady madio, amin'ny dingana voalohany, rehefa avy nifandaharana tao amin'ny efitrano filankevitra;

Heverina ho toy ny natrehan'ny toriana,

Hita ny didy fampihavanana tsy nahitam-bokany laharana faha-219 tomin'ny 08, aogositra 2023

Raisina ny fangatahana manaraka ny fombafomban'ady;

Ambara fa mitombona izany;

Tononina ny fisaraham-panambadian'i ANDRIANARISON Fanomezana Isaia sy FENO FITIA NANDRIANINA Novia Simondinah, noho ny tsinin'ny lahy; Ambara fa rava ny fiombonam-pananan'izy ireo; Didiana noho izany ny fizarana misasaka araka ny lalàna ny fananana iombonana raha mbola misy izany;

Didiana ny fandikana ny ventin'izao didy izao ao amin'ny bokimpiankohonana amin'ny taona diavina ao amin'ny kaominina Behenjy sy ny fametrahana ny filazana antsiny amin'ny sora-panambadiana laharana faha-01 tamin'ny 04 janoary 2020 voarakitra ao amin'ny ; bokimpiankohonan'ny Kaominina Behenjy sy amin'ny sora-pahaterahan'ny mpivady tsirairay;

Apetraka amin'ny toriana ny lany amin'ny fitsarana;

Notsarina araka izany ary navoaka ampahibemaso tamin'ny andro, volana ary taona voalaza ary ambony, ary niarahan'ny Filoha sy ny Mpiraki-draharaha nanao sonia ny matoan'ity didy ity.

Lazainay fa ity didy dia tsy azo ampaharina raha tsy tapitra ny telopolo (30) andro ary izany dia isaina manomboka ny daty anaovana ny famoahana an-gazety etsy ambony

MANARAKA IREO SONIA

G-CL783/1-1

# Tafa...sika

Tricia (mpihira)

## " Samy hafa ny mpihira mitady vola sy ireo tia mizara ny talentany "

Tricia. Patricia Fanambinantsoa no tena anarany. Ny fiangaliana ny hiran'i Adele " Easy on me " no nahafantarana azy voalohany tamin'ny 2022 (15 taona izy tamin'izay). Nandeha tamin'ny pejiny io. Ao anatin'ny tarika Agrad izy, fa mandeha irery ary manana ny vazony ihany koa. Ato ho ato, miketrika hira 5 izy havoakany ho an'ny mpankafy azy. Nisy ny resaka nifanaovanay taminy :

**Gazetiko** : Hivoaka tante-raka avy ao amin'ny tarika Agrad ve ianao izany ? Firy taona no niarahanareo niasa ? Tantarao ny nahatonga anareo niara-niasa ? Inona no gadona entinao mandehairery ?

**Tricia** : « Tsy mivoaka ao amin'ny tarika Agrad izaho fa miaraka ao foana izahay. Mitondra ny anaraka fotsiny aho amin'ny maha artista ahy ary manana ny lalako manokana ihany koa amin'ny hirako. Ny fiarahamiasa anay sy Agrad teo amin'ny 2 taona teo ho eo. Ny nahatonga anay niara-niasa. Sendra nifanena tao amin'ny trano fandraisam-peo iray S6-Jyz izay izahay. Izaho tamin'io handeha handray feo ny hiran'i Adele, izay nataoko « cover ». Izay nanao ilay hira hoe « Ahiahy » iny. Niresaka izy hoe vehivavy no tiany hanao ilay famerenana (refrain). Dia nametraka ilay hira fotsiny aho fa tsy nieritreritra hoe hiaraka hiasa aminy. Kanjo rehefa vita ilay hira dia tena nety tamin'ilay nilany azy. Dia raikitra teo fa izaho no hanao ilay « refrain » n'ilay hira « Ahiahy ». Herinandro taorian'izay no natao ny rindran-tsary. Dia nitohy ny fiaraha-miasa, ka nanao ilay hira hoe « Parano » sy « Tohin'ny aiko ». Tao anatin'izany anefa izaho efa nanana ny hirako irery, dia navoaka ilay izy. Nanomboka teo, nanampy ahy teny foana izy, indrindra ny torohevitra.

Ny gadona hoentiko rehefa mandeha irery aho dia ny Afro beat, miampy ireo vakoka kely amin'ny endriny



vaovao ». **Gazetiko** : Nahavita fianarana momba ny varotra ianao. Inona ny asanao ankoatra ny mpihira ? Mahavelona ve ny hira eto amintsika ? Ianao ve mamoron-kira ? Efa nanofy ny ho mpihira ve ianao tamin'ny fahazazanao ?

**Tricia** : « Izaho tsy nianatra tao Ankatso fa vao afaka baka teknika (commerce) tao amin'ny tao amin'ny LTC Ampefiloha aho dia nanohy tao ihany fa misy Oniversite tao, nandalina momba ny

varotra ihany. Naka Licence tao amin'ny Ministeran'ny varotra aho, momba ny fanondranana sy fampidirana entana. Vita izay, nianatra teny vahiny aho (aglisy). Mbola tsy miasa raikitra izaho izao fa mbola mianatra manohy anglisy.

Eny, mahavelona ny hira raha manana faharetana tsara sy mitady zava-baovao sy tsara ho an'ny olona mpiaino sy mpanaraka . Tena mamoron-kira aho, ary efa nofinofiko hatrizay ny ho lasa mpihira sy hizara ny

talenta izay ananana.

**Gazetiko** : Ahoana ny fahitanao ny tontolon'ny showbiz eto amintsika ? Inona no tanjona amin'ilay hoe hira ? (vola, laza, vedetisme,,???) . Miompana amin'ny inona ny tononkiranao amin'ny ankapobeny ? Efa manana stratejia ve ianao hanatraranao ilay tanjona amin'ny hira ?

**Tricia** : « Ny fahitako ny resaka showbiz eto amintsika amin'izao. Ny tanora somary lasa mirona amin'ny teknolojia sy ny zava-baovao. Dia raha ny tambajotran-tserasera no ampiasaina dia hitako hoe mandeha ihany. Ny tanjoko amin'ilay hira, voalohany indrindra aloha te hizara ny talenta ananako izaho, araka ilay nolazaiko tery ambony fa tsy mety raha tazomiko ho ahy samy irery. Faharoa, rehefa tsara ny zavtra atao dia misy valiny foana ao. Misy karazany manko ilay izy hoe misy hira mba itadiavana vola ; fa hafa ny hoe mizara ny talenta amin'ny mpankafy dia lasa mahazo valiny mahafa-po amin'ny zavatra tsara ataonao sy ny ezaka atao.

Miompana amin'ny resaka fitiavana ny tononkirako amin'ny ankapobeny, fa izaho ko manao resaka motivation ihany indrindray . Ny stratejia, mirona bebe kokoa any amin'ilay hoe mitady zavatra vaovao sy manaraka ny rivotra amin'izao , dia mety ny stratejia teo aloha mety tsy ho stratejia atao amin'izao. Eo ihany koa ny namana sy zoky manampy sy manoro hevitra , i Agrad moa izany ».

Dinika nifanaovan'i Fy

## FJKM Tranovato Ambatonakanga "Antsa Paska 2024" iarahana amin'ny "Chorale Orimbato



Fiainana sy Fiadanana no lohatenin'ny Antsa Paska 2024 hatolotry ny Chorale Orimbato sy ny EWS.

Fanaon'ny Chorale Orimbato isan-taona ny manolotra antsam-panahy sy rindran-kira ara-pilazantsara isaky ny Paska toy izao. Hanana ny mampiavaka azy anefa izany amin'ity taona ity satria hisy ny hira amin'ny teny Anglisy izay iarahana amin'ny "English Worship Service" (EWS) na fanopoam-pivavahana amin'ny teny Anglisy avy ao amin'ny Foibe FJKM. Ny Alahady 31 Marsa, andron'ny Paska ary dia manasa ny kristianina rehetra ny Chorale Orimbato hanatrika ny Antsa Paska 2024 izay atao ao amin'ny FJKM Tranovato Ambatonakanga manomboka amin'ny 3 oara sy sasany tolakandro. Nambaran'i Ramanamirija Jacques Bruno, tompon'andrakity ny serasera eo anivon'ny Chorale Orimbato fa "Hizara roa miavaka tsara ny antsam-piderana ka amin'ny tapany voalohany dia hira amin'ny teny malagasy izay hiantsana an-kira ny famonjena". Ho ventesina amin'izany ilay hira hoe "Ny Holatrao" (Ndriana Ralambomadiana), "Hangina aho" (Aimé Raeliarjaona), "Tsarovy aho" (Fahatokiana Razafimamonjy). Eny antsefatseny eny dia hisy fiantsana ny tononkalon'i Nirina Randriamamonjy. Amin'ny tapany faharoa kosa no hitondran'i Stella Carol Ratefinanahary ny hira amin'ny teny anglisy. Hira notsongaina tamin'ny fihirana amerikana sy anglisy izy ireo ka anisan'izany ilay hira hoe "The way that He loves (Elmo Mercer), "to God be the glory" (Crosby & Doane) sy ny hira maro hafa milaza ny fiangaliana, ny fahafatesana ary ny fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty. Eo koa anefa ireo hira fitaomana ny olona mba handray ny famonjena toa ilay hira hoe "In Chirst alone" (Keith Getty), "He is the Light". Hampatsiahy an-kira izay nizoran'i Jesoa Kristy ho famonjena antsika zanak'olombelona mba hananan'izay mino ny fiainana mandrakizay no tanjona amin'ny hetsika.

Tiaray R.

### PETITES ANNONCES **Gazetiko**

#### MIVIDY

\* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara, TV. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 773/20-19)

\* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, machine, TV, bisikileta, cahier, debara. MA SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 781/10-10)

#### A VENDRE

\* Tsenabe Isotry. Trano 2 étages : 16ch, E&E, 1er plan, T&B, QC : 5 MD Ar à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 785/10-8)

#### SERVICE

\* Vidange fosse septique, wc perdu, puisard, Makiplast, plomberie. Tél : 034.60.797.42. (G-BA 783/10-10)

#### VIDANGE

\* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard... Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA-775/20-17)

\* Vidange wc fosse septique, puisard Makiplast, fosse perdue. Tél : 033.51.333.19 / 038.08.304.97. (G-BA 780/12-11)

\* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 788/20-6)

\* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 791/6-1)

\* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 791/6-1)

\* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 791/6-1)

Itaosy

# Mpangalatra niala zandary, nitsambikina avy eny amin'ny rihana voalohany

Tonga dia noraisim-potsiny izy satria tsy tafatsoaka intsony.

Tokantrano iray tao amin'ny fokontany Akany Firaisana eny Ambanilalana-Itaosy no nokasain'ity tovolahy iray ity hangalarana ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 1ora maraina. Raha ny fanazavàna azo dia efa teo ampianihana ny trano izy no tsikaritry ny tompon-trano. Tonga dia nampandre ny mpitandro filaminana avy hatrany ireto farany ka fotoana fohy taorian'izany dia tonga teny an-toerana ny zandary avy ao amin'ny borigadin'Itaosy. Efa tafakatra tany an-trano mihitsy ilay jiolahy no tonga ny zandary. Vao nahatazana ny fiavian' ireo anefa ilay mpangalatra



Ilay mpangalatra voasambotra ! dia nitady lalana nitsoahana nitsambikina avy eny amin'ny rihana voalohany izy mba haingana ka avy hatrany dia

hialàna an'ireo. Efa avy nangalatra vy tao amin'ilay trano izy tamin'io.

Tsy afa-niala

Tonga dia noraisim-potsiny anefa izy satria tazan'ny zandary tsara ny nitsambikiny ka nandrasany avy eo ambany fotsiny ny fianjerany. Tsy afa-niala intsony ny anao lahy satria mafy ihany ny fianjerany ka saika tsy tafatsangana. Ireo zandary indray aza no namonjy azy saingy tonga dia nofatorana ny tongotra aman-tanany mba tsy hahafahany mandositra intsony. Nitangoronan' ny olona teo izy ary samy gaga ny rehetra tamin'ny fahasahiany. Nentina namonjy ny biraon'ny zandary avy hatrany moa izy mba hatao famotorana.

R.C

Morondava Antehiroka

# Ankizilahy maty lasan'ny rano

Ankizilahy tokony ho 14 taona no maty lasan'ny rano tany Morondava Antehiroka afakomaly tokony ho tamin'ny 12 ora sy sasany atoandro. Niaraka tamin'ny namany teny amin'ny reniranon'lkopa izy tamin' io fotoana io. Ilay namany nandeha nijoboka tany anaty rano nilomano fa ilay ankizy kosa nilalao teo amoron-drano teo. Tsy fantatra anefa izay zava-nitranga nandritra izany fa dia lasan'ny rano tany izy. Ilay namany no nampandre ny olona teo amin'ny manodidina. Tonga teny an-toerana ihany koa ny fianakavian' ilay ankizy lasan'ny rano raha vao naheno izany. Fantatra mantsy fa olona mipetraka eny Morondava Antehiroka ihany izy. Araka ny fantatra hatrany dia mipetraka ao amin'ny zokiny ity farany fa ny ray aman-dreniny any Andramasina. Efa nampandrenesana mikasika ny zava-niseho ny zana-tobi-paritry ny zandary teny Antehiroka ka tonga nidina ifotony nanao fizahana niaraka tamin'ny dokotera avy ao amin'ny CSBII teny an-toerana. Ankoatra ireo tomponandraikitra ireo dia nantsoina ihany koa ny sampana teo anivon'ny mpamonjy voina ka raha vao naheno izany izy ireo dia nandeha nankeny amin'ilay toerana nikaroka ny razana. Ora efatra taorian'ny nitadiavana azy no hita tao anaty rano ny vatana mangatsiakan'ilay ankizy ka nampiakarina an-tanety avy eo. Efa natolotra ny fianakaviany ny razana taorian'ny fizahana natao.

T.H

Ambohibao

# Efa-dahy voasambotra teo am-pifohana rongony



Ireo efa-dahy voasambotra !

Trà-tehaky ny zandary mpanao fisafoana teo am-pifohana rongony mihitsy ireto efa-dahy ireto ny Alahady maraina teo teny Andranoro- Ambohibao, kaominina Antehiroka. Tsy nampoizin'izy ireo mihitsy ny fandalovan'ireto zandary ireto satria somary mangina ilay toerana nifamotoanan'izy efa-dahy. Tonga dia nosamborin'ny zandary avy hatrany izy rehetra ary nentina tany amin'ny biraon'ny zandary mba hatao famotorana. Mampatsiahy hatrany moa ny zandary fa voaran'ny lalàna tanteraka ny fivarotana sy ny fifohana rongony ary ny fambolena izany. Tafiditra ao anatin'ny ady ataon'ny mpitandro filaminana moa ny famongorona ny zava-mahadomelina sy ireo mpidoroka ary mpanaparitaka izany. Anisan'ny antony iray mampirongatra ny tsy fandriampahalemana mantsy izy sady manimba tanteraka ireo tanora, izay maro amin'ireo midoroka ity zava-mahadomelina ity.

R.C

Talatamaty

# Tovolahy tratra nivarotra rongony nahatratrarana fanamiana mpitandro filaminana

Tovolahy iray 19 taona no sarona nivarotra rongony teny Amboropotsy Talatamaty omaly. Ankoatra izay dia mbola nahatratrarana fanamiana mpitandro filaminana ihany koa tao an-tranony nandritra ny fisavana. Mahazo fitarainana matetika amin'ny mponina any an-toerana mikasika ny fisian'ny mpivarotra

zava-mahadomelina ny zandary. Rehefa fantatra ny trano voalaza fa misy ilay mpivarotra zava-mahadomelina dia nandeha nidinana ifotony tany ny zandary. Nisy ny vela-pandrika nataon'izy ireo ka mbola teo am-pivarotana rongony mihitsy no tra-tehaka ity tovolahy iray ity. Rongony 70 fonosana izay milanja eo amin'ny

600 grama eo no hita tao aminy tamin'io fotoana io. Fa ankoatra izay dia nahitana baramina sy fanamiana zandary iray sy miaramila iray ihany koa tao an-tranony nandritra ny fisavana nataon'ireo mpitandro filaminana mpanao fisafoana. Tsy fantatra mazava na entiny hisolokiana hitadiavana vola aman'olona

ireo fanamiana ireo na ahoana. Nosamborina ilay lehilahy ka taorian'izay dia nentina nankany amin'ny biraon'ny zandary natao andrimaso sy natao famotorana tany. Fa nogiazana ihany koa ireo rongony tratra sy ilay fanamiana mpitandro filaminana ary ilay baramina.

T.H

## TATSY SY TAROA

# Rongony 21 fototra no sarona nambolena tany amin'ny faritr'i Soavinandriana ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 7 ora maraina. Lehilahy roa 43 taona sy 59 taona no voasambotra nandritra izany. Nandritra ny fisafoana nataon'

ny zandary tany an-toerana no nahitan'izy ireo rongony 11 fototra tao an-tanimbolin' ilay lehilahy iray tany amin'ny fokontany antsoina hoe Tanjombato tany Soavinandriana. Rehefa natao ihany koa ny fisavana tany an-tranony dia mbola nahitana

rongony 17 fonosana tao. Fa ankoatra izay dia rongony 10 fototra ihany koa no tra-tehaky ny zandary tany amin'ny toerana hafa antsoina hoe Mahatsinjo, ao anatin'ny fokontany Ambohimarina, kaominina Antanetibe any amin'ny

distrikan'i Soavinandriana ihany. Fantatra fa milanja eo amin'ny 35 grama eo ireo fonosana rongony 17 tratra ireo ary milanja any amin'ny 11 kilao any kosa ireo fototra rongony tratra ireo.

T.H

## MANAL'AZY DE MI'MEME



# Taratasy misokatra ho an'Andriamatoa Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara, Filohan'ny Filankevitra ambonin'ny Fitsarana

Andriamatoa Filoha,

Volana maro no voatana any amponja tsy ara-drariny ny zanakay, ny zafikelinay, ny anadahinay, ny rahalahinay, ny namanay Andry Andriatongarivo.

Tsy hitsahatra izahay ny hitaraina sy hampatsiahy aminao ny zavatra niainany nandritry ny volana maro ary mitohy hatramin'izao:

- Fiketreha sy fikasana hamono hahafaty tamin'ny alalan'ny entona fandrehitra, poizimboalavo, asidra, tangena..
- Herisetra ara-tsaina sy ara-batana isankarazany
- Fanelezana lainga sy fanaratsiana
- Fisamborana niaro herisetra sy tifitra teo imasona zaza 5 taona monja
- Fanagadrana vokatry ny fanovana ny zavanisy marina sy fivadihana tamin'ny fanambarana natao teo imasombahoaka
- Tsindry sy fampiasana ny maha mpitondra ambony mba hahasoratra ny fiainany any amponja
- Tsindry sy fampiasana mpitandro filaminana manamboninahitra iray na roa mba hampihorohoro ny fianakaviana akaiky sy ny namana

Miangavy izahay mba hiaino izao antsonay izao ianao ka tsy hitazana fotsiny izao tsy rariny mihatra amin'i Andry sy amin'ny manodidina azy izao ,ka mba omena fahafahana izahay hitondra eo anoloanao ny porofon'ireo zavatra voalaza rehetra ireo.

Miangavy antanandroa izahay mba hisy fepetra raisina manoloana izao tsy fanajana ny lalàna , ny maha olona , fanitsakitsahana ny soatoavina malagasy sy ny fianianana natao teo anoloan'Andriamanitra sy ny vahoaka malagasy izao.

Manamafy izahay fa tsy manana fahavalo na andrimpanjakana io na ny mpitandro filaminana na iza na iza, fa kosa manameloka ny tsy fihetsika tsy mendrika ataon'olombitsy, ary tsy misy kajy politika na kely aza avy aminay fa fikatsahana ny rariny ihany sy ny fitovian'ny rehetra manoloana ny lalàna sy ny fitsarana. Izahay fianakaviana, namana , mpiaro an'i Andry Andriatongarivo.

APMF

# Tsy misorona amin'ny fampiharana ny fepetra aro loza

Ho fiarovana ireo mpiandriaka an-dranomasina sy an-dranomamy, indrindra fa ireo mpampiasa lakana mitondra mpandeha na entana dia tsy maintsy misy ny fepetra raisina ataon'ny APMF na ireo mpiasan'ny Sampandraharaha miandraikitra fitaterana andranomasina sy andranomamy eto Madagasikara. Tsy maintsy apetraka ny fampahatsiahivana ireo fepetra fiarovana amin'ny fampiasana ny ranomasina na ny ranomamy. Anisan'ny nahitana izany ny fivezivezena ao amin'ny lakandranon'ny Pangalana, toy ny tokony hanarahana ny toromarika amin'ny famenoana ara-dalàna ny taratasy fiaingana na ny bon de partance, ny fanajana ny isan'ny mpandeha ao anaty lakana izay tsy tokony hihoatra araka ny tokony ho izy ary ao koa ny fisalorana ny akanjo aroloza, na gilets de sauvetages ho an'ireo mpandeha rehetra anaty lakana. Eny amin'ny biraon'ny APMF no hanaovana ireo rehetra ireo. Mandray ny andraikiny amin'izany ny solotenan'ny " APMF ". Misy ny fanaraha-maso eo am-piaingana ary manaraka izany dia tsy maintsy midina ifotony eny amin'ny renirano mihitsy izy ireo, mizaha ny lisitry ny mpandeha na mijery ny lanjan'ny entana tokony ho entina, izay vao mahazo mandeha ny vedety na ny lakana iray.

## Fiarovana

« Raha ho an'ny lakandranon'ny Pangalana manokana dia misy ny tsy manaja io fepetra io ,ary mafy loha ny ankamaroan'ny mpitatitra andakana. Sahirana ny mpiasan'ny APMF manao ny fanentanana isaky ny mihe-tsika. Eo ny fitaizana ny olona hanao akanjo aro loza, fanentanana ny olona mba tsy hametraka entana any ambony tafon'ny vedety. Indraindray koa ny olona , tsy miasa saina izay loza mety hahazo azy ka tsy miraharaha akory ny fametrahana ny « gilet ». Efa misy ihany moa ny fampiofanana atao an'ireo mpitondra lakana saingy maro amin'izy ireo no tsy manaraka an-tsakany sy an-davany izay fampianarana natao mandritra ny fiofanana. Matetika izahay dia misava ny taratasin'ny lakana, ny taratasy fiantohana ary ny taratasy faza-hoan-dalana an'ireo mpitondra lakana. Miezaka miaro ny ain'ny olombelona izahay ary izay no anton'ny fitsirihana. Anatin'izany anefa dia tena mbola mamolaka izahay, indrindra ny mba hanaan'ny olona ilay karatra. Na izany aza efa saika manana izany avokoa ny ankamaroan'ny mpitatitra amin'ny lakana » : hoy ny fanazavan'ny tompoandraikity ny APMF,



Anisan'ireo lakana tratan'ny APMF, tsy manaja ny vesatra sy ny isan'ny olona tokony ho entina ity.

« maître de quai » ao amin'ny seranana an-drano-mamy amin'ny lakandranon'ny Pangalana iny.

## Habetsaky ny entana

Nandritra ny fidinana ifotony

nataonay teny an-toerana dia hita tokoa fa betsaka ireo mpitatitra amin'ny lakandranon'ny Pangalana iny no tsy manaja akory ny fepetra fiarovana. Mihoatra araka ny tokony ho izy ny isan'ny

mpandeha entin'ny lakana ary miompampana ny have-satry ny entana. Raha tokony ho 36 ohatra ny isan'ny mpandeha dia efa ho 50 mahery no miondrana andakana. Tsy lazaina intsony

ny habetsaky ny entana miaraka amin'ny olona ao. Hentitra ny APMF nanao ny fisavana ary nisy mihitsy ny sazy nilatsaka, tahaka ny zava-nisy tao Mananjary. Raha tokony ho izy anefa dia

tsy mahazo mitondra mpandeha ny lakana mpitondra entana fotsiny ary misy koa ny mpitatitra entana izay tsy afaka mitondra olombelona. Tsy voahaja anefa izany ka nahatonga ny APMF ho hentitra.

## Ady hevitra

Niteraka resabe mihitsy ity tranga tao Mananjary ity ny herinandro teo. Rehefa nanao ny asany nanao ny fanaraha-maso teny amin'ny reniranon'ny Pangalana mantsy ny mpiasa eo anivon'ny APMF dia nahita tsy fanarahan-dalàna maro. Manoloana io dia nisy ny fanasaziana, toy ny fisintonana ny taratasin'ireo mpitondra lakana. Ny sasany ihany koa tsy maintsy nahazo fampitandremana. Tsy faly ny amin'izany zavatra izany ny mpampiasa sy ny tompon'ny lakana. Nisy mihitsy aza ny fandrahonana nataon'izy ireo an'ny tompoandraikitra APMF. Niakatra tao Mananjary ny ankamaroan'izy ireo ary nisy mihitsy ny fifampiresahana. Tao anatin'izany anefa tsy nisorona ny APMF ho amin'ny fampiharana ny fepetra aro loza na dia tsy nahafaly azy ireo aza izany.

Deyland



Ireo ekipan'ny " APMF " nanao fisavana ny taratasin'ny lakana teny Pangalana.



Fiantsonana ao amin'ny seranana Mananjary.

Vidim-piainana - Tsy fandriampahalemana

# Miantso ny fandraisan'andraikitra ny Filoham-piangonana 4 mirahalahy

Mirary ny FFKM mba hitondra fanavaozam-piainana ho antsika, na ny mpitondra na ny vahoaka rehetra izao fotonan'ny karemy izao.



Ireo filoham-piangonana efatra mirahalahy.

Mitaona ny vahoaka mba handinin-tena sy hanamafy ny fifandraisana amin' Andriamanitra ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristianina eto Madagasikara. Io no antso nataon'ireo ireo Filoham-piangonana efatra mirahalahy, amin'izao herinandro masina ankatoky ny Paka izao. « Na dia eo aza ny hasarotan'ny andavanandrom-piainana noho ny vidim-piainana miakatra tsy mitsahatra, ny olana ateraky ny tsy fandriampahalemana, aoka tsy hiraviravy tanana fa handray andraikitra sy hилоfо hatrany amin'ny fiombonampianana amin'ny Tompo », hoy ireo Raiamandreny arapanahy ireo tamin'izany. Notsiahivin'ireto farany tamin'izany ny tenin'i Jesoa ao amin'ny Matio 11,8 manao hoe : « mankanesa aty miko ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana

fa Izaho no hanome anareo fitsaharana ». Mirary ireo filoham-piangonana ireo ao anatin'izany mba hitondra fanavaozam-piainana ho antsika, na ny mpitondra na ny vahoaka rehetra izao fotoan'ny karemy izao. Etsy andanin'izany, amin'izao herinandro vitsivitsy mialoha ny hanatanterahana ny latsa-baton'ny fifidianana solombavambahoaka izao dia nampahatsiahy ny hafatry ny komity foibe faha-45 natao tany Fianarantsoa farany teo, izay mitaona ny kristiana sy ny vahoaka malagasy handray andraiki-

tra amin'ny fiainam-pirenena ny FFKM.

### Hanao fitarainana

« Entanina isika rehetra mba hanantona ny fokontany misy antsika ka : hanamarina ny rejistra raha misoratra ao any anaranao na ny fianakavianao na tsia na sao misy fahadisoana ny mombamombanao voasoratra ao. Raha toa ka tsy ao dia hanao fitarainana avy hatrany mba ahafahanao mampiditra ny anaranao ao na manitsy izany mialoha ny hamaranana tanteraka ny lisitra ny 15 May 2024 mba hahafahantsika mandray anjara

amin'ny fifidianana izay atao eto amin'ny firenena », hoy ireo Filoham-piangonana efatra mirahalahy tamin'izany. Farany, nanamafy ny fanainana antsika hanohy ny fitondrana am-bavaka ny firenena ireo Raiamandreny ara-panahy ireo. « Hoy ny tompo hoe raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako no ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony dia hiahino azy any an-danitra Aho ka hamela ny helony », hoy izy ireo tamin'izany.

Mamy R.

## Marina izany ! Tokony ho ranga sofina!

Roa volana mahery mialoha ny datim-pifidianana solombavambahoaka, miraikitra ao an-tsain'ny mpanao pôlitika sy ny mpanara-baovao ary ny olom-pirenena, amin'ny ankapobeny ny fanambarana nataon'ny filohan'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana, nandrangaranga ny hampihatra sazy amin'ireo mandika lalàna mikasika ny fifidianana. Ny zava-misy anefa dia misesisesy ny fandikana ny lalàna manan-kery tato anatin'ny andro maromaro izao ary ny mpomba ny fitondrana no maro tafiditra ao anatin'izany, raha tsy hampahatsiahy afa-tsy ny fanaparam-pahefana ataon'ny olom-boatendry sasantsasany sy ny fanerena ny mpiasam-panjakana hanohana ny kandidàn'ny antokon'ny mpitondra. Manginy fotsiny ny fahasahian'ny olom-boatendry sasantsasany miseho am-pahibemaso, mandamina sy mandrindra ny vovonana heverin'izy ireo fa hanohana ny kandidam-panjakana. Ankoatra ireo ny fisian'ny mpikambana sasantsasany ao amin'ny mpanatanteraka efa manao fampielezan-kevitra mialoha ny fotoana, amin'ny alalan'ny fampiasana fitaovam-panjakana. Marihina fa santionany amin'ny fandikàn-dalàna tsikaritra ireo fa misy ny tsy ananana sary sy vaovao, any ambany ravin-kazo any. Ireo tranga samihafa mamohatra ireo izay heverina fa tokony efa haha ranga sofina ny eny Ambohidahy, raha tena harahin'asa marina ny fanambarana natao, nandritra ny fandalovan'ny solontenan'ny mpiaramiombon'antoka amintsika avy any ivelany, amin'ny sehatry ny fifidianana, teny amin'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana. Heverina mantsy fa mahakasika sy mihatra amin'ny olom-pirenena tsy an-kanavaka ny lalàna, araka ny foto-pisainana sy ny famaritana ny lalàna natao'ny namorona sy ny mpikirakira azy hatrany am-piandohana!

Voahangy Rakotozafy

Ben'ny tanànan'Antsiranana I

# Voasambotra hoy ny fiadidiana ny tanàna, tsy marina hoy ny polisy

Miainga amin'ny voalaza ao amin'ny pejy ofisialin'ny "Commune Urbaine de Diego" ao amin'ny facebook, dia nosamborin'ny polisy tany Maevatanana omaly ny Ben'ny tanànan'Antsiranana I, Jean Luc Djavojozara. Ny mifanohitra amin'izany kosa no nambaran'ny polisy misahana ny fandriam-pahalemana any Betsiboka, izay nilaza fa tsy nisy ben'ny tanàna nosamborin'izy ireo izany. Araka ny fampitam-baovao

avy amin'ireto farany hatrany, polisy monisipaly nitondra 4x4 hiakatra eto andrenivohitra no notazonin'izy ireo fa tsy io olomboafidy io izany. Ao anatin'izany rehetra izany, mbola mifamahofaho be ny vaovao mivoaka mikasika ny fisamborana io olomboafidy tany Antsiranana io hatramin'ny ora nanoratanay. Ho an'ireo miziriziry fa nosamborina io Ben'ny tanànan'Antsiranana I io, milaza izy ireo ao anatin'izany fa misy

ifandraisany amin'ilay fanampiana ara-bola nomen'ny mpiara-miombon'antoka vahiny entina hanamboarana sy hanatsarana ny tananan'i Diego io raharaha nisamborana azyio.

### Fifamaliana

Tsy vitsy ihany koa ireo mieritreritra fa tohin'ilay

fifamaliana teo amin'io Ben'ny tanàna io sy ireo tomponandraikitra nikasa hanamarika ny andron'ny 08 Marsa tao amin'ny lapan'ny tanàna izany raharaha izany. Raha tsiahivina, misy horonantsary mampiseho ny zava-nisy nandritra izany fifamaliana izany any amin'ny

tambazotran-tserasera any, izay raha fintinina dia hoe tsy nanao fangatahana an-tsoratra amin'ny fampiasana toerana hanaovana hetsika fanamarihana 08 Mars 2024 tao Diego ireo tomponandraikitra ireo ka nandrahona sy nampihorohoro amin'ny fisamborana io ben'ny tanàna io. Ankoatra

ireo, misy mihevitra ihany koa fa noho ity ben'ny tanànan'Antsiranana ity malaza ho kandida amin'ny fifidianana solombavambahoaka no antony nisamborana azy. Dia ho hita eo ny ho tohin'ny raharaha.

Mamy R.



Ity ilay Ben'ny tanànan'Antsiranana I nambara fa voasambotra.

## TOLOTRA MANOKANA **Gazetiko**

Noho ny fahatrarany ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.


Anarana :

Fanampiny :

Adiresy :

Nomerao C.I.N :

Tél. :

Tolagnaro

# Tondraka ny rano, maherin'ny 400 ireo traboina

Ny tao Tolagnaro renivohitra no tena voa mafy.

Nijojo ny orana tany Tolagnaro. Vokany, olona maherin'ny 400 no traboina noho ny fiakaran'ny rano, araka ny fampitam-baovao avy amin'ny BNGRC (Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes) omaly. "Naharitra roa ka hatramin'ny telo andro ny filatsahan'ny orana tany antoerana. Efa misy toerana telo napetraka handraisana ireo traboina mba tsy ho azon-doza fanindroany indray izy ireo. Tapaka ny lalana, saingy tsy maintsy atao ny hahatongavan'ny fanampiana farany hain-gana. Efa madiva hifarana ny fotoam-pahavaratra, ka ny tondradrano no tena namely mafy fa ny rivodoza tsy dia nahakasika antsika firy. Na izany aza, misy hatrany ireo olona marefo, eny fa na amin'ny hanohanana aza.", hoy ny tale jeneralin'ny BNGRC, Jly Andriankaja Elack Olivier. Omaly, nisy ny fivoriana notarihiny niaraka tamin'ireo mpiara-miombona antoka ho famaliana haingana ny fiantraikan'ny loza any Tolagnaro. Raha ny fampitam-baovao voaray avy any Tolagnaro koa dia ny ao amin'ny renivohitra no



Ireo solontenan'ny Fiangoan'ny Jesosy Kristy ho an'ny Olomasin'ny andro farany tonga teny amin'ny BNGRC.

tena voa mafy. Dibo-drano ny tao Amparihy sy Anivorano ary ny tao ambadiky ny seranam-piaramanidina. Niakatra ihany koa ny reniranon'i Manambaro. Efa niatsara ny toetr'andro any antoerana nanomboka omaly.

Anjara biriky

Tonga nanatitra fanampiana teny amin'ny foiben'ny BNGRC Antanimora ny Fiangoan'ny Jesosy Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro

Farany, omaly. Noraisin'ny tale jeneralin'ny BNGRC tamin'ny fomba ofisialy tamin'io fotoana io ny vary 190 taonina, ny tsaramaso 60 taonina, ary ny menaka 23 000 litatra. "Faly izahay mitondra anjara biriky ho an'ireo havantsika tratan'ny tondradrano tany amin'ny faritra tamin'ny fandalovan'ny rivodoza Alvaro, ary ireo niharan'ny loza hafa koa.", hoy Ratovonony James, tomponandraikitra

ao amin'ny Fiangoan'ny Jesosy Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Nomarihin'ny tale jeneralin'ny BNGRC fa tsy vao indray na indroa na intelo no nanao hetsika toy izao ity fiangoana ity fa efa tsy voatanisa intsony rehefa misy loza manambana na koa loza mandalo noho ny fahatokisan'ny fanjakana amin'ny alalan'ny BNGRC.

R. Muray

## Taratasy ho an-dRamala

### Tsy fanao...!

Any Ramala, Angamba tsikaritrao ihany Ramala ny zava-baovao nitranga teto an-tanàna teo tao anatin'ny herinandro vitsy izao. Atao hoe zava-baovao ilay izy kanefa toa tsy vaovao. Zavatra efa nisy tany aloha ihany izy io Ramala, saingy lasa adino, na tsy fantatry ny ankamaroan'ny olona tato aoriana intsony mba tsy hilazana hoe tsy fanao ! Tsy inona izany fa mikasika ny fomba fanariana fako amin'ny toerana fanariana izany. Efa misy mantsy ny ora voafetra natao hanariana fako fa ny ora rehetra akory tsy azo anaovana izany. Izay olona tratra manary fako ivelan'ireo ora voatondro ireo dia iharan'ny sazy, hoy ny manampahefana. Fa misy zavatra hafa tsy fanao kosa mbola misy manao ihany amin'izao. Tsy inona izany fa ny fanariana fako any anaty tatatra ivarinan'ny rano maloto eny amin'ny sisin'arabe ireny. Tsy mahagaga raha lasa tse-tsina lava ny tatatra eto an-tanàna. Izay ny zava-misy eto antanàna Ramala fa misy zavatra hafa tsy aritro ity, izay nitranga tany ivelany farany teo. Tany Andafy tany izy ity Ramala. Voalazan'ny fampahalalam-baovao avy any ivelany fa efa tafakatra maherin'ny zato izao ireo olona namoy ny ainy vokatry ny fanafihana trano lehibe iray nanaovana kaonseritra, izay natrehin'izy ireo. Asa fampihorohoroana no ilazana ity tranga mampalahelo ity. Maro ny firenena sy mpitondra fanjakana samihafa efa nanameloka izany sady naneho fiaraha-miory. Angamba mbola tsy fanao eto amintsika tokoa ity lazaina hoe " asa fampihorohoroana " ity, saingy sao dia ny anarana ihany sisa no tsy mitovy fa ahoana moa Ramala no iantsoana an'ireny olona ataon'ny sasany takalon'aina eto amintsika ireny ? Ahoana koa no ilazana an'ireny olona maty nisy namono tapa-doha ireny, izay tsy indray mandeha fa efa matetika ? F'angaha moa Ramala tsy efa nanao fanambarana sahady taorian'io tranga io ny fikambanana na Vondrona iray any ivelany mitonona ho " fanjakana miorina amina foto-pinoana iray " fa hoe izy ireo, hono, no nanao an'io asa fampihorohoroana voalaza io. Hono ho aho Ramala ! Maninona moa ny eto amintsika raha mba mitonona koa hoe " izahay no nanao an'iny " ireo olona na vondron'olona manao asan-dahalo any ambanivohitra ireny, toy izany koa ireny mpanao takalon'aina ireny, ny mpamono sy mpanapadoha olona, ny mpangalatra taolam-paty, sns...Sa ve mbola " tsy fanao " eto amintsika ilay izy ? Aleo hofaranako eto aloha ny androany fa efa lava izay Ramala, amin'ny manaraka indray.

Ragasy

Tarika Shyn

# Lasa ambasadaoron'ny NIM

Mitovy ny tadin-dokanga. Napetraka ho ambasadaoron'ny ivon-toerana fampindramam-bola madinika NIM (Nouvelle Institution de Microfinance) ny tarika Shyn. Vita sonia omaly teny Andavamamba ny fifanaraham-piaramaniasa teo amin'ny roa tonta. "Marobe ireo olona miantso ahy hoe mba te hanangana orinasa madinika kanefa tsy manam-bola. Voafetra ihany anefa ny eo am-pelatanako. Izany indrindra no nahatonga ahy hiara-hiasa amin'ny NIM.", hoy Shyn. Olo-malaza sy be mpanaradia tokoa raha i Shyn na eto an-toerana na eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Efa hatramin'ny taona 2022 nanokafana ny masoivohon'ny NIM faharoa teny Ambohidahy izy no efa niara-niasa tamin'ity ivotoerana fampindramam-bola madinika ity ka mandraka ankehitriny. "Ny fanatsarana ny fifandraisana amin'ny Malagasy no tena tanjona. Ity fiaraha-miasa ity dia tafiditra



Nanamafy fiaraha-miasa ny tarika Shyn sy ny NIM.

ao anatin'ilay fanokafana ny renivola sôsialin'ny NIM ho an'ny daholobe nanomboka ny volana janoary. Maherin'ny 30 ireo nanao ny fanohanana ny renivola ary mbola misy orinasa maro naneho fahavononana. Ankoatra izany, mitohy ny fanokafana masoivoho manerana ny Nosy. Manana masoivoho 21 izahay ankehitriny ary miparitaka amin'ny faritra 17 eran'i

Madagasikara.", hoy Rakoto Harizaka, tale jeneralin'ny NIM. Nampahafantarina tamin'io fotoana io koa ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny Vanilla Pay, izay manampy ireo Malagasy monina any ampitan-dranomasina amin'ny fandefasam-bola ho an'ny fianakaviany eto Madagasikara.

R. Muray

Trano fiantohana MAMA

# Napetraka ambany fanarahamason'ny CSBF

Efa 55 taona mahery no nijoroan'ny trano fiantohana MAMA (Mutuelle d'Assurance Malagasy). Nisy ny fanendrena mpanaramaso roa avy amin'ny CSBF, na ny Komity mpanara-maso ny sehatry ny banky sy ny fitantanambola, hiara-hiasa amin'ny mpitantana eo anivon'ity trano fiantohana ity mandritra ny enim-bolana. Notanterahina tamin'ny zoma lasa teo, tao amin'ny masoivoho Isotry, ny fampahafantarana ireto tomponandraikitra roa ireto tamin'ireo mpiaramiasa rehetra. Boto Tsara Dia Lamina, tale jeneralin'ny SAMIFIN (Service de Renseignement Financier de Madagascar) teo aloha, sy Rakotondravelo Armand, matihanina eo amin'ny sehatry ny fiantohana, no voatendry hanatanteraka ity iraka ity. Raha ny fanazavana nomen'ny Governoran'ny Banky foiben'i Madagasika-



Lanonana teny Isotry tamin'ny zoma.

kara, Andrianarivelo Aivo, dia hanampy ny filankevipitantanana sy ny fitondrana ankapoben'ny MAMA ireto farany amin'ny fanatsarana ny paikadin'ny orinasa na koa amin'ny fanovana ny fomba fitantanany. "Hiara-hiasa amin'ny mpitantana eto anivon'ny MAMA izy ireo.

Vonona amin'izany fiaraha-miasa izany izahay. Ny tanjona dia ny mba hahafahana manatsara ny MAMA sy mba hidirany ho matihanina kokoa eo amin'ny sehatry ny fiantohana.", hoy Rolin, filohan'ny filankevipitantanana ny MAMA.

R. Muray



Fanambaran'i Christine Razanamahasoa

# Milaza handray fepetra ny TGV-IRD

Ampiharo aminy ny article 72 izay manala azy tsy ho solombavambahoaka intsony hoy Rasoamaromaka Hery, Sekretera Jeneralin'ny Antoko TGV.



Nisesilany ny fanambarana nataon'ny Antoko TGV IRD miaraka amin'ny Andry Rajoelina. (Sary : Kelly R.)

Nanao fanambarana ny birao nasionalin'ny antoko TGV IRD omaly tetsy amin'ny Arena Ivandry. Saropiaro amin'ny fiarovana ny tombontso ambonin'ny firenena ary tsy manaiky ny hevitra sy tetika entina hanakorontanana ny firenena izy ireo. Misafidy ny hijoro ary handray fepetra entitra mikasika izao fanakorontanana atao izao. Niarahan'ny rehetra nahita ny fanapahakevitra sy fihetsika izay sady tsy nifampihery tamin'ny antoko no tsy mifanaraka amin'ny fotokevitra politika hijoroan'ny antoko eo anoloan'ny firenena. Azy samirery, fanambarana sy fanapahakevitra samirery ary mazava fa endrika fanonganam-panjakana izany fihetsika izany ka manohitra sy mitsipaka ny vahoaka malagasy. Azo lazaina fa heloka bevava izao fanambarany izao ary izy no tena manakorontana saim-bahoaka. Izy no mpamadika mpalita noho ny

drify amin'izany. Nampiantso mpanao gazety teny amin'ny biraony ihany koa ny Sekretera Nasionalin'ny Antoko TGV Rasoamaromaka Hery omaly. Nazava ny teniny taorian'ireny fanambarana maro nataon'ny filohan'ny Antenimierampirenena ireny: « manao ririnindasa tsy tsaroana ny filohan'ny Antenimierampirenena Christine Razanamahasoa. Iza no namonjy azy nandritra ny fotoana nanesoran'ny HVM azy teo amin'ny trano fonenany? Tsy ny filoha Andry Rajoelina ve no nanome toky azy ka name-traka azy ho teo amin'ny toerany ankehitriny ? 15 taona ianao no nanatitra voninkazo isaky ny 7 febroary koa nahoana izao vao milaza fa

drify amin'izany. Nampiantso mpanao gazety teny amin'ny biraony ihany koa ny Sekretera Nasionalin'ny Antoko TGV Rasoamaromaka Hery omaly. Nazava ny teniny taorian'ireny fanambarana maro nataon'ny filohan'ny Antenimierampirenena ireny: « manao ririnindasa tsy tsaroana ny filohan'ny Antenimierampirenena Christine Razanamahasoa. Iza no namonjy azy nandritra ny fotoana nanesoran'ny HVM azy teo amin'ny trano fonenany? Tsy ny filoha Andry Rajoelina ve no nanome toky azy ka name-traka azy ho teo amin'ny toerany ankehitriny ? 15 taona ianao no nanatitra voninkazo isaky ny 7 febroary koa nahoana izao vao milaza fa

mahatsiaro voafitaka. Ampiharo aminy ny article 72 izay manala azy tsy ho solombavambahoaka intsony.» Etsy ankilan'izany, nolazainy fa tsy mbola nivoaka ny lisitra na anaran'ireo harotsaky ny vondrona Isika Rehetra miaraka amin'ny Rajoelina amin'ny fifidianana solombavambahoaka hatreto. Eo am-pamolavolana izany izy ireo fa hatreto tsy mbola misy olona voasafidy na iray aza. Manamafy i Hery Rasoamaromaka fa ny fivadiadiana palitao no mahatonga ny firenena ho potika. Ary tokony ho politisianina niaraka niady sy nanohana ny filoha hatrany amboalohany no tokony hapetraka amin'ny toerany na io filohan'ny andrim-panjakana na solombavambahoaka. Ankoatran'izay, misy ny fitsipika apetraky ny antoko mila arahina ka izay tsy vonona hanaraka izany dia tokony hiala. Tetsy amin'ny Motel Anosy ihany koa, nisy fanambarana nataon'ireo solombavambahoaka UPAR mikasika ny filohan'ny antenimierampirenena Christine Razanamahasoa. Tsy tokony hisy fambolena korontana intsony amin'izao fa mila fitoniana ary miantso fandraisana fepetra hentitra amin'ny birao politika IRD handray fepetra.

Nath

## Fiomanana ho amin'ny paska Nanomboka omaly ny herinandro masina

Mila fiomanana ny fitsenana ny fetin'ny paska. Ny sabotsy lasa teo, betsaka ny fiangonana katolika no nanatanteraka konfesy faobe ka anisan'ny nanatanteraka izany ny EKAR Faravohitra. Pretra marobe no tonga teny an-toerana nanatanteraka izany ary niezaka nihaino sy nitondra ambavaka ireo mpino. Vanim-potoana iray tsy azo ialana ny herinandro masina indrindra ho an'ny kristianina. Ho an'ny katolika manokana, manomboka omaly ny herinandro masina ka misy foana isan'andro ny lamesa indrindra ny hariva. Mandritra io fotoana io ihany koa no hanatanteharina ny alalan'ny hazo fijaliana na ny hitaniana ny fijaliana rehetra niainan'i Kristy sy ny nanombohana azy teo amin'ny hazo fijaliana, nandevenana azy ary ny nitsanganany tamin'ny maty. Miezaka miaina ny zavatra niainany ny kristianina katolika ary miezaka manonitra ny ratsy vita amin'ny fanaovana asa soa. Ho an'ny protestanta kosa, manomboka ny alakamisy izao vao misy ny fanopoampivavahana ataon'ny kristianina ary tsy mijanona izany raha tsy amin'ny alahadin'ny paska izay fety goavana ho an'ny rehetra. Vanimpotoanan'ny fihavanana sy ny fanaovana soa izao ary indrindra hanadinoana ny hamelana izay nanao ratsy rehetra. Noho ny fahasahiranana sy ny olana sedrain'ny olona amin'ny andavanandro, betsaka no tsy mamonjy herinandro masina intsony kanefa tokony tsy hamaivanina ireo fotoana rehetra lalovana mandritra io fotoana rehetra io.

Nath

## Toetry ny andro Ho betsaka ny rotsak'orana ato anatin'ny efatra andro

Tamin'ny 3 ora tolakandro, tany amin'ny 168 Km Avaratra-Atsinanan'i Vohemar no nisy ny foiben'ilay andro ratsy miforona ao amin'ny ranomasimbe Indianina. Mikasika miadana miakandrefana izy ka mahafaka 6 Km/ora miaraka amin'ny rivotra 45 Km/ora sy tafiotra 55 Km/ora. Tombanana hivoatra haingana ity andro ratsy miforona ity ato anatin'ny roa andro ho avy. Tsy ahiana hiditra an-tanety izy na dia vinavinaina hivoatra amin'ny halavirana latsaky ny 100 Km miala ny morontsiraka. Hikorontana ny toetry ny andro any amin'ny tapany Avaratra, avaratra atsinanana ary Afovoany Atsinanana, satria ahiana hitondra rotsak'orana be, mihoatra ny 80mm/24 ora ny fisiany. Etsy andaniny dia ho ratsy hatrany ny toetry ny andro any andranomasina, indrindra eo anelanelan'ny tanjona Bobaomby ka hatrany Vatomandry.

Nambaran'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro omaly fa ahiana ho betsaka ny rotsak'orana any amin'ny ilany avaratra, Avaratra Atsinanana ary afovoany atsinanan'ny Nosy ato anatin'ny efatra andro. Noho ny tosy ny varatraza sy ny fiforonana andro ratsy ao atsinanan'i Sava no anton'izany. Tombanana hahatratra 40 hatramin'ny 120 mm ao anatin'ny 24 ora ny tahan'ny rotsak'orana amin'ireo toerana ireo. Mahazo filazana miloko mavo ny faritra Atsinanana, ny distrikan'i Vavatenina sy Fenoarivo Atsinanana. Misy ny filazana fanairana miloko maintso mahakasika ny rivodoza ho an'ny faritra SAVA, ny distrikan'i Antsiranana I-II, Maroantsetra, Mananara Avaratra, Soanierana Ivongo ary Nosy Boraha. Mikasika ny hamafisan'ny rivotra kosa, tombanan'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro fa ho mafy ny fitsokan'ny rivotra any amin'ny morontsiraka avaratra atsinanana sy atsimon'ny Nosy ato anatin'ny telo andro. Vokatry ny varatraza sy ny fiforonana andro ratsy any Atsinanan'ny faritra SAVA izany. Ho mafy ny fitsokan'ny rivotra ka tombanana hahatratra 45 - 55Km/ora, mety hahatratra 65/75 Km/ora manamorona ny morontsiraka Avaratra Atsinanana. Nanomboka omaly hatramin'ny Talata 26 Martsa 2024 atoandro eo anelanelan'i Toliara hatrany Farafangana no ahitana izany. Ary nanomboka omaly hatramin'ny zoma 29 martsa eo anelanelan'i Vatomandry hatrany amin'ny tanjona Bobaomby. Ny mety ho fiatraikany kosa ny fahasarotan'ny fifamoivoizana na faharendrehana andranomasina koa mila mitandrana izay miandriaka. Misy ny fampitandremana miloko maintso kosa manomboka eo Farafangana hatrany Vatomandry.

Nath

Salazamay Atsimo - Toamasina

# Tokantrano 100 mahery, milona anaty rano efa amam-bolana vitsy

Eto Salazamay Atsimo aty Toamasina, carreau 4 anefa no misy anay izahay ary dobo rano nandritra ny herinandro maro izay, hoy Rtoa Bella, solontenan'ny mpoina eo amin'ity Fokontany ity taminay omaly. Ny mpoina rehetra amin'ireo tokantrano 100 mahery ireo dia tsy misy miala ny tranony fa dia samy miaina ao an-tokantrano na dia efa hatreny ambalahana aza ny rano rehefa avy be ny orana. Rehefa mitsahatra ny orana dia hatreny ampoto-pe ny rano. "Mijaly izahay satria na ny toerana handrahoana sakafo aza lasa manahirana isan'andro. Kotsan'ny rano ny kitay sy saribao. Tsy misy sakafo masaka. Ny mpianatra sy ny ankizy kely no mijaly", hoy kosa ny renimpianakaviana iray izay mpivarotra eo amin'ity Fokontanin'i Salazamay atsimo. Tafiditra an-trano



Toy izao ny rano iainan'ny mpoina isan'andro any Salazamay Atsimo, Toamasina hatramin'izay.

avokoa ny rano mihandrana ary sahirana amin'ny fiovana sy ny fivoahana ny mpoina. Voatery tsy maintsy mamonjy Fokontany hafa mihitsy vao afaka manao an'izany ny mpiara-monina rehetra. "Matahotra izahay ny amin'ny mety hisian'ny valan'aretina hamely anay ary izaho izao dia efa nisy parasy kankana

ny tongotra izay narary ahy nandritra ny roa herinandro. Ankoatran'izany ny fiparitahan'ny maloto eto amin'ny Fokontaninay efa tsy lazaina intsony", hoy hatrany Rtoa Bella taminay. Tamin'ny fotoana nampiakatra be ny rano dia nisy olona nampiasa lakana nitaterana ny mpoina teo, saingy amin'izao dia efa samy mijoboka anaty

rano ny olona rehetra rehefa tsy maintsy hivoaka ny trano. Raha ny loharanom-baovao azoanay dia eo ampitan'ny Bar Kambagna no dibodrano hatrany raha vao avy ny orana, kanefa tsy mivoaka ny rano nohon'ny fahatsentsenan'ny lakandrano lehibe tokony hivoahan'izany. Raha ny fanazavan'ny mpoina dia ny fisiana fanorenana trano eo ambonin'ny lakandrano no fototry ny olona ary etsy ankilany ny fahatsentsenan'ny lakandrano fivoahan'ny rano. Raha vaovao farany voarainay, efa nidina ifotony nanokatra ny lakandrano handehanan'ny rano teny Salazamay Atsimo tao amin'ny "carreau 4" Atoa Ben'ny Tananan'i Toamasina omaly tolakandro, niaraka tamin'ireo ekipany misahana ny fanadiovana sy fampandehanana ny rano amin'ny lakandrano.

HAR

TSIPAKA

Nivalona tanteraka tamin'ny faran'ny herinandro teo iny ny andiany faha-13 tamin'ny Lalao Afrikanina 2024, izay notanterahina tany Accra renivohitr'i Ghana, nandritra ny roa herinandro mahery kely. Tamin'ireo firenena afrikanina 53 nandray anjara tamin'ny fifaninanana dia nitana ny laharana faha-15 i Madagasikara, izay nandrombaka medaly volamena 4 ary volafotsy 4 sy alimo 7. Ny fitambarany medaly azontsika izany dia mahatratra 15. Samy manana ny heviny sy ny filazany ny zava-bitan'ny mpilalao tany antoerana moa ny mpanaraka fanatanjahantena. Tsy azo lavina fa mbola mitoetra hatrany amin'ny mpanao fanatanjahantena tsika ny tenin'i Pierre d'ecoubertin hoe ny fandraisana anjara no zava-dehibe.

Nihen-danja ny lentantsika

Raha nampitahaina tamin'ny lalao natao tany Rabat (Maroc) tamin'ny taona 2019 dia nihemotra lavitra be ny filaharantsika tamin'ity taona ity. Tany an-drenivohitr'i Maroc dia nitana ny laharana faha-7 i Madagasikara, nandrombaka medaly volamena 6 sy volafotsy 14 ary alimo 2. Tamin'ny Lalao Afrikanina 2019 andiany faha-12 iny no fantatra fa naha tsara toerana ny firenentsika tamin'ity fifaninanana afrikanina ity. Mialoha ny lalao tany Accra dia efa mampiomanina avokoa ny mpitantana ny taranja ara-panatanjahantena fa noferana ny isan'ny mpilalao/atleta mandray anjara. Nambara tamin'izany ny isan'ny atleta sy ny mpilalao ary ny delagasionina miaraka azy, izay tsy nihoatra ny 90. Teo anatrehan'izany dia samy niady varotra ny mpitantana ny taranja fa tokony ampiana ny isan'ny delegasionany, izay ahazoany antoka fa hikiky medaly fa ny lokony fotsiny no tsy fantatra. Fotoana vitsy monja mialoha ny niaingana dia mbola nampidinana hatrany ny isan'ny solontenantsika sasany, niainga teto an-tanindrazana, izay niteraka fahadisoampantenana teo amin'ny mpandray anjara. Marihina fa tsy niara-niainga ny atleta/mpilalao rehetra fa arakaraka ny andro nanaovana ny lalao no nandehanana. Nambara fa hoe noho ny toebola nenti-manana sy niatrika ny lalao no namerana ny isan'ny delagasionian. Mba tsy ilazana angamba kosa hoe mety hitsangatsangana fotsiny ny sasany fa tsy antenaina ihombozona medaly hody an-tanindrazana.

aris rafaly

TSARA HO FANTATRA

Razafimanantsoa Solo José

Nitaiza sy nanolokolo an'i Bolida sy Ando "Pro" rahalahiny

Lehilahy tsy be resaka firy, ary tsy tia seho loatra amin'ny serasera no vahinin'ny tolotra vaovao, vokarin'ny mpanao gazety ara-panatanjahantenan'ny Gazetiko, androany, dia i Solo José Razafimanantsoa. Nomen'ny namany solon' anarana hoe "Solo Maradona", noho ny bika-bika ananany sy ny fomba filalaony baolina kitra, izay misy itovizana amin'ilay kintana arzantina. Anadahin' i Oliva Razafimanantsoa, renin'i Lalaina Nomenjanahary "Bolida" sy Ando "Pro" Manoelantsoa, i Solo "Maradona", izay nivoaka tamin'ny filalaovana baolina kitra tao amin'ny tananan' Ankazomanga", nanomboka tamin'ny sokajy minime. Rehefa nitombo fahaizana dia nalain'ny Ankazomanga Firaisana Ara-panatanjahantena (A.F.A) nandrafitra azy. Nifindra tany amin'ny ekipan'ny "Association Sportive d'Ambohimananina (A.S.A). Niverina tao Ankazomanga dia nandrafitra ny ekipan'ny Zatovo Fanantenan' larivo (Z.F.I). Ekipa nanana ny lazany toy ny A.F.A tamin'ny filalaovana baolina kitra, teny amin'ny lema'k'i Betsimitatra iny. Noho ny fahaiza-manaony tao amin'ny toeran'ny "Poste 10" dia nalain'ny ekipan'ny SOLIMA izy, niaraka tamin-dry Magloire, niatrika ny fifaninanana divizionina voalohany teto amin'ny



firenena.

Nanazatra ekipa maro

Rehefa nijanona tsy nilalao intsony izy dia niofana ho mpanazatra ,teo ambany fiahian'i Mika Andrianasy sy ry Auguste Raux ary Daniel Scherr, ilay "expert" frantsay nanofana ny mpanazatran'ny Sekolin'ny baolina kitran'ny AJESAIA. Marobe ny " Certificat " azony ho mariky ny nahavitany an'izany fiofanana izany fa ny lehibe amin'ireo dia ny "

Licence B " azony tamin'ny federasionina (FMF). Ny sekolin'ny baolina kitra nampiofaniny voalohany dia ny Étoiles Filantes-n' Antohomadina, izay notantanin'i Me Yves Rabemaro-manga mivady. Taorian' izany dia nanangana sy nanorina ny ekipan'ny JET Mada, niaraka tamin-dry Mes Lalaina sy Rahery ary Paulo ny tenany. Taty aoriana izy telo lahy ireo dia samy namorona " École de Football " ho an'ny tenany manokana azy avokoa. Amin'izao fotoana izao ny Me Solo Maradona dia miandraikitra ny sekolin'ny HERO FOOT, izay manabe mpilalao manomboka amin'ny faha-7 ka hatramin'ny 20 taona. Noforoniny tao Ankazomanga kosa ny " Club A ", nitaizany an-dry Bolida sy ry Ando " Pro "

mirahalaha, mialoha ny nifindran'izy ireo tany amin'ny sekolin'ny AJESAIA. Nomarihan'ny Me Solo fa na dia notezain'ny AJESAIA aza ireo mpilalao andriny, toa an-dry Setra sy ry Dorah ary Sedera sy ry Abel Anicet, dia toy ny zanaka an-tranony tahaka an'i Bolida. Nampifaninaniny tamin'ny baolim-pokontany, nandrombaka amboara maro. Momba azy manokana dia i Me Mi (Mamy) no nampianatra azy nilalao baolina kitra tao Ankazomanga, niaraka tamin'ny mpilalao maro, nampahalaza ny ekipan'ny A.F.A sy ny Z.F.I ary ny T.F.C Tsaramasay, toa an-dry Lema sy ry Razakta ary Mena (rain'i Tantely kapitenin'ny AS Adema) sy Armand rahalahiny.

Mitomany amam-baolina!

Mikasika an'i Bolida manokana, dia tanteraka taminy tokoa ilay fitenenana hoe mitomany amam-baolina rehefa resin'ny mpi-fanandrina taminy. Efa tsikaritra fony fahazaza fa anisan'ny mpilalao manana ny hoaviny amin'ny filalaovana baolina kitra izy. Ankoatra ny fianarana, izay tsy nataony ambanin-javatra, dia tsy miala amin'ny filalaovam-baolina i "Bo". Fony mbola kely izy, dia midongy tsy mety mihinankanina fa misarona mibonoka bodofotsy, tsy mivoaka ny trano, rehefa resy. Tany am-pianarana izy dia efa notendrena ho kapitenin'ny ekipa voafantin'ny CISCO-n' Antananarivo Renivohitra. Tsy ny taranja kitra ihany no manavanana an'i Bolida fa ny " rugby " ihany koa, izay nitanany ny toeran'ny " 3/4 Centre " sy naha mpitsara " pénalty " nikoizana azy tao anatin'ny "junior"-ny A.F.A Ankazo-

manga " Tapanimanga ". Manginy fotsiny ny fahaizany manao "drops ", na dia vao miala amin'ny "centre" aza. Nampivoatra haingana an'i Bolida, hoy ny " Tonton "-ny dia ny fikirizana sy ny fifehazan-tena nataony. " Vao maraina izy dia mifoha manao footing. Rehefa tonga avy mianatra indray hariva indray, dia mikotrana ireny teny amin'ny kianjan'ny Star Ankazomanga Avaratra. Rehefa milalao ny ekipanay dia manaramorona eny hatrany izy, mijery ny filalaonay. Ny tenako koa moa amin'ny naha manazatra dia nanoro sy nanitsy azy hatrany tamin'ny filalaony ". Nanterin'i Me Solo fa lovain-taranaka ny filalaovambaolina, raha nitantara sy nanazava koa ny tenany fa ny raiamandrenin'i Bolida dia mpanao fanatanjahantena. " Ny rainy (Pepeta) dia sangany teo amin'ny filalaovana rugby sy volleyball, ary ny reniny (Oliva) dia irakiraka no sady lohalaharan'ny ekipan'ny JIRAMA an' Antananarivo fahiny ". Ny ray niteraka an-dry Solo Maradona sy Bema ary Abel "Bela Kely", dia tsy nilalao baolina kitra fa nahafatra-po tamin'ny fanohanana arabola ny ekipa nilalaovanjanany tao Ankazomanga. Fanilo mifampitohy ny filalaovam-baolina ho an'ny fianakavian-dry Bolida, izay mahavita ekipa tokana afaka mifandona amin'ny sokajy divizionina voalohany mba tsy ilazana hoe amin'ny P.F.L. Ankoatra an'i Bo sy Ando " Pro " dia efa manan-gasanga ny solofo sy dimbiny amin'ny fiangaliana an'ity taranja ity, raha tsy hitanisa afa tsy i Baggio amin'ny AJESAIA zanak'i Solo sy Mika zanak'i Bela Kely.

aris rafaly



Kitra - " Fenêtre FIFA"

# Niondrika 2 no ho 0 ny Barea de Madagascar

Lalao fitsapana iny natao iny ka heverina fa hitan' ny mpanazatra Rôro sy ny tekisiana miara-miasa aminy ny fahavoazana nahazo ny Barea de Madagascar.

Tamin'ny isamazava 2 no ho 0, omaly, no nandresen'ny "Les Guêpes"-n'i Rwanda ny Barea de Madagascar, teny amin'ny kianjaban'i Mahamasina. Gilbert no nahatafiditra ny baolina voalohany teo amin'ny minitra faha-29, ary efa tany amin'ny manodidina ny 90 minitra tsy hiravana no nampitomboan'i Djiad ny isa azon'ny ekipany. Koa na dia nisy aza ny fanalavam-potoana efa minitra fanampiny dia tsy nampiova ny isa teny amin'ny tabilao elektronika intsony ny fanafihana sesilany nataon-dry Tsiry Kely sy Jean Yves, izay nampiseho endri-dalao mahafinaritra ny mpijery fa ny fampidiram-baolina no lesoka. Fitsapana voalohany ho an'ny mpiandry tsatoby Teva iny, izay azo lazaina fa nampiseho fahaiza-



manaony tokoa izy fa sendran' ny valim-panafihana hain-gana sy daka baolina mandrivorivo tany amin'ny 30 metatra ka dia ny nandroaka ny baolina nanakobana ny haratony sisa nataony. Lalao fitsapana iny natao iny ka heverina fa hitan'ny mpanazatra Rôro sy ny tekisiana miara-miasa aminy ny fahavoazana nahazo ny Barea de Madagascar. Raha ampitahaina tamin'ny lalao voalohany nataon'ny

ekipam-pirentsika ny nataony omaly, dia azo lazaina fa nisy fiovana. Nisy fahavonona kokoa ry Tendry sy ry Lalaina ary El Hadary ka avy hatrany dia nanery ny mpifanandrana taminy, izay tsy nahafahany nampivelatra ny lalao. Variana tamin'ny fanafihana nataony ry Rayan sy ry Amourson ka nanao antandrevaka tao afitoan'ny kianja, nahazoan'ny rwan-dais nanao valim-panafihana haingana ka nanako-

banany ny haratontsika tamin'ny fanafihana fanintelo azony. Saika tao afitoan'ny kianja no nisian'ny lesoka teo amin'ny fiarovantena nataontsika ka mila harenina haingana izany satria roa volana mahery kely sisa dia handray an'i Comores su Tchad isika amin'ny jona 2024. Soa kenda hahay mitsako, ary soa lavo hahay mamindra!

aris rafaly

Taekwondo Itf

# 30 no nahazo fisondrotana grady

Tontosa ny faran'ny herinandro teo tany amin'ny faritra Alaotra Mangoro, ny fiofanana narahana fampiakarana grady, ho an-dry zareo eo anivon'ny taranja haiady Taekwondo Itf. 85 no nanaraka ny fampiofanana ara-teknika niarahana tamin'ny Sabunim, Tafita Rakotoarisoa, 5eme dan sady instructeur international. Téo ambany fiahian'ny notarihan'ny filohany, Miora Andria Njaka ny hetsika, izay tao amin'ny congrégation chinoise Moramanga no nizoran'ny andro voalohany raha tao amin'ny hotel Bezanozano Moramanga kosa ny ampitson'io. 30 kosa no nanao fanadinana ka ny 1 no niatrika ny fanadinana fisondrotana grady tepana mainty raha nanao ny adina ho an'ny ceinture rouge no midina kosa no natrehan'ireo 29. Tonga nanotrona ny lanonam-pamaranana ireo solontenan'ny solombavambahoaka tao an-toerana, ny delegem-panjakana tao Moramanga, ny solontenan'ny Komity mpanatanteraka eo anivon'ny FIHEZAMA foibe, notarihan'ny filohany ary ireo filohan'ny klioba tdk maro.

Rabenaivo



Nandritra ny fampiofanana tatsy amin'ny ligin'Alaotra Mangoro.

## PASI PASI

Ravaoarisoa Naina Cecilia

# Judokas sangany fahiny saingy nisafidy ny taranja Lomano ny zanany

Sangany sady nanandratra avo ny voninahim-pirenena tamin'ny taranja Judo. Ny taranja Lomano kosa anefa no tena ataon-janany. Ity fianakaviana ity indray no vahinintsika eto amin'ny PASI PASI anio.

**Gazetiko:** Anaranao feno  
**RNC:** Ravaoarisoa Naina Cecilia  
**Gazetiko:** Firy taona dia mbola manao judo ve, ao amin'ny klioban'iza?  
**RNC:** 48 taona, tsy manao judo amin'ny klioba intsony. Nivadika any amin'ny fitness amin'ny Basic-Fit, izay sady toeram-piasako ihany koa.  
**Gazetiko:** Nanomboka firy taona ianao no nanao Judo, ceinture inona?  
**RNC:** Tamin'ny 13 taonako, Ceinture noire 5ème Dan.  
**Gazetiko:** Azonao tanisaina ve ny palmarès efa azonao?  
**RNC:** Indroa nandray anjara tamin'ny Jeux Olympiques. Athènes 2004 sy Sydney 2000. Indroa nahazo medaly volafotsy tamin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika tany Tunis 2004 sy Alger 2000. Indroa nahazo medaly alimo tamin'ny Jeux Africains natao tany Johannesburg 99 sy Abuja 2003. Indray nahazo medaly volafotsy tamin'ny Jeux de la

Francophonie, natao teto Antananarivo 1997. Indroa nahazo medaly volamena tamin'ny Jeux des îles de l'océan Indien 1998, olon-tokana latsaky ny 52kilao sy isan-tarika vehivavy. Nahazo medaly volamena tamin'ny Tournoi International de Mada, Maurice, La Réunion, Yaoundé, Abidjan, Ouagadougou, Tunis...  
**Gazetiko:** Firy ny zanaka, iza avy dia manao Judo daholo ve?  
**RNC:** 2 ny zanako. Joao, lahy 11 taona sy Tia, vavy 9 taona. Tsisy manao judo fa manao natation. 6 taona amin'ity taona ity ry zareo no milomano ao amin'ny Club Nages et Sports-Rixensart.  
**Gazetiko:** Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ireo zanaka veny judo?  
**RNC:** Efa anatin'ny ràn-janako ny spaoro. Vao 2 taona i Joao, ary herintaona sy tapany fotsiny i Tia dia



Efa anatin'ny ràn'ity fianakaviana ity mihitsy ny fanatanjahantena.

nampanaovina psychomotricité tamin'ny klioba tao Académie du mouvement - Mont Saint Guibert. Nitondra azy ireo nilomano matetika izahay tamin'ny mbola kely, mandany fotoana milalao anaty rano ry zareo. Rehefa afaka nampidirina klioba dia

nosoratana anarana tao amin'ny Club Nages et Sports-Rixensart. Ny lomano hatreto no safidiny sy tena ankafiziny satria ankoatran' ny lomano dia efa nanao parascolaire danse i Tia ary Badminton i Joao nandritra ny herintaona.

**Gazetiko:** Ahoana izany hoe miaraka manao spaoro nareo mianakavy?  
**RNC:** Ny papan'izy mianadahy, izay triathlete taloha no mazoto milomano miaraka amin'izy mianadahy. Condition physique maivana indray no miaraka amiko.  
**Gazetiko:** Ankoatra ny spaoro inona no fialambolinareo mianakavy kely?  
**RNC:** Rehefa vacances no tena afaka mivalampatra miaraka izahay 4 mianaka manao "la marche"lavitra. Milalao, mijery emissions azy mianadahy sy ireny films mamphomehy ireny.  
**Gazetiko:** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro?  
**RNC:** Notaizana tamin'ny judo aho. Niainako niaraka tamin'ny papa sy mama ary izy 3 lahy ny judo. Tompon'ny Family Judo Club Antsirabe ny papako. I Me Ralevazaha Emilson, Ceinture Noire 5ème Dan, ary mpanazatra nasionay amin'ny Judo ny

anadahiko, Ralevazaha Emy, Ceinture Noire 3ème Dan amin'izao fotoana izao. Vanim-potoana anisan'ny nahafinaritra ahy indrindra tamin'ny fiainako ny nanaovako judo satria nifampizaranay fifaliana, adin-tsaina ary koa nitondrako hasambarana hoan'ny malagasy sasany izay tsy fantako akory ny fisiany. Nitondra fisokafana sy nampianatra tontolo hafa ankoatran'i Madagasikara. Tokony adidin'ny Ray aman-dreny anaty fitaizana ny zanaka ny spaoro satria manomana amin'ny fiainana any aoriana. Mampisy discipline, mampanana tanjona, mitaiza amin'ny fomba tsy akademika... ary indrindra indrindra manalavitra ny mety ho fahadisoan-dalana amin'ny adolatsento sy amin'ny fiainana ka mety tsy ahatafita amin'ny fianarana sy ny fiainana any aoriana.

Rabenaivo

Sarisary zary tenany

Sandoka

Hatsikana an-tsary

Mahafaty



Masoandro iposaka

JOSOA 4:1-3

Ary rehefa tafita an' i Jordana avokoa ny olona rehetra, Jehovah dia niteny tamin' i Josoa hoe: Mangalà lehilahy roa ambin'ny folo amin'ny olona, dia iray avy isam-pirenena, ka mandidia azy hoe: Makà vato roa ambin'ny folo eo afovoan'i Jordana eo amin'ilay nijoroan'ny tongotry ny mpisorona, dia ento miaraka aminareo, ka avelao eo amin'izay handrianareo anio alina.

Indray mipika



Nanantontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05



Tantara mitohy MPIRAHALAHY



Chabolana



Toy ny rambon' omby, ka na hipelika aiza, na hipelika aiza, mbola ao an-traingovazana ihany.

Comme la queue d'un bœuf : qu'elle s'agite à droite ou à gauche, elle retombe toujours sur ses jarrets.

Sudoku Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 3206

		9		1		8		
	4			7			3	
7		6	8		2	5		1
		9		7		4		8
				2				
1			6		9			3
		7				2		
			2		7			
5		4					9	8

Valin'ny laharana 3205

8	6	5	7	2	9	4	3	1
3	9	2	4	5	1	8	7	6
1	7	4	6	3	8	5	9	2
4	1	9	8	6	2	7	5	3
2	5	3	1	4	7	9	6	8
6	8	7	3	9	5	2	1	4
5	4	1	2	7	6	3	8	9
7	3	8	9	1	4	6	2	5
9	2	6	5	8	3	1	4	7

TENY MIAFINA N° 805

Mifamono tsiroaroa ny litera rehetra afa tsy ny an'ny teny miafina. Tsihiho ny litera mitovy mifanakaiky mitsangana na mitsivalana dia avy eo dia ny litera mitovy tsy misy manelanelana afa tsy litera efa voatsipika.

Grid of letters for Teny Miafina N° 805. Row 1: O N M I K M H D H O. Row 2: D E A N H J Y J A E. Row 3: E O H M T H V A E I. Row 4: D M F P E E P K N F. Row 5: F D O M T B V N G P. Row 6: L I D N D V Y V I L. Row 7: F D O I H B T N G P. Row 8: R M R A B G E K N B. Row 9: B O B R K N J A J N. Row 10: L N L Y M G E D M I.

04 litera

Valin'ny teny miafina 804 : FIARA

Kakuro 804 grid with numbers. Row 1: 1 4 2 7 | 9 1 3 | 8 2. Row 2: 2 8 3 9 | 6 7 4 5 | 3 1. Row 3: 3 1 6 2 4 | 1 8 9 7. Row 4: 9 5 | 4 1 3 7 2 9. Row 5: 7 2 9 8 | 8 9 | 2 9 8. Row 6: 2 1 7 3 9 | 8 9 1 7 2. Row 7: 6 1 8 9 3 7 | 8 3. Row 8: 7 9 8 | 5 3 2 6 8 4 1. Row 9: 2 8 5 9 7 6 | 8 9 6. Row 10: 1 6 3 7 4 2 9 5 | 5 9. Row 11: 7 4 8 6 | 1 3 8 2 7. Row 12: 6 4 1 5 2 3 | 2 5 1 4. Row 13: 9 5 2 6 3 8 | 4 9 3 8.

Valin'ny Teny Mirandana Lah. 7830. N A N D A I R A N I. I L A I K O • I • • V. T A N T A R A N A O. R • D R N • T A • H. A • R A I N A R E O. K • O N • • O E • N. A K A I K I K O • A. • A K • O • O • • R. • R A I S O • • • E. • I • F A I R A N O.

HAFATRA MIAFINA

Amin'ny alalan'ireo kisarisary eo ambany, asio soratra eo ambony, dia fantaro izay tiany holazaina.


Word search puzzles with letters and symbols. Example: L \_ \_ \_ \_ \_ | \_ \_ \_ \_ \_ | \_ \_ \_ \_ \_ | \_ \_ \_ \_ \_.

Valin'ny lalao omaly

LANY ANDRO MIVEZIVEZY FOTSINY ISE.

TENY MIDINA

- 1. Mpanoritra
2. Tsy aty
3. Foana
4. Maizina
5. Anihina mikisaka



Valin'ny Teny Midina omaly

- 1. RO
2. ORA
3. RANO
4. ANARO
5. RODANA

DISO FITO

Rehefa tazanina dia toa mitovy ireo sary ireo. Raha jerena tsara anefa dia misy diso ao anatiny. Fito izy ireo, mba tadiavo kely hoe ?



LALAO : TELOMIOVA

Tsihiho ireto teny ireto (na mitsangana na mitsivalana na misom-pirana) dia farito izay litera manaraka ilay teny avy hatrany. Atambaro ireo litera ireo dia ho fantatrao ny tiany ho tenenina ; misy litera tavela koa ireo, atambaro dia ho hitanao ny valiny

A O V A I D A T A I
I T H N N M M K K A
A N R A P D O A N N
M L O I S R R A I O
O P A R O T S A J A
K K O D O T R I M V
O I I N N D R B I O
A P A O I A I I N A
M P M S F N M K O V
M M A N O R A T A A

- MINOA ASIDRA TADIAVO TRIOTRIO AROTSAKA
TSAHO AMPIAKO MANDALA MONTSANA VAOVAONAI
FARIKO MPONINA MANORATA SONDRIANA
AMBINO ANDRAMO KIDORONI MPIDOROKA

- Valin'ny lalao omaly : - FODIANY - AVOKOA

NY TONONANDRONAO TALAT 26 MARTSA 2024

Asorotany 18 aprily - 14 may

ASA: Aza diso matoky tena loatra ianao sao hanaonao foana eo FITIAVANA: Raiso ny hevitrin'ny olon-tinao fa tsy hamitaka anao

Alahasaty 15 may - 12 jona

ASA: Aza kivy manarina ianao raha nisy ny tsy nety nataonao FITIAVANA: Mbola maro ireo tsara ka aza atao mampitomany izy fa omeo lalana raha tsy tamana

Asombola 13 jona - 11 jolay

ASA: Arakaraky ny vola eo ampelatananao no ahafahanao manao dingana amin'ny asanao FITIAVANA: Aza omena tsiny izy raha toa ka saropiaro fa noho ny fitiavany anao ihany izany

Admizana 12 jolay - 10 aogositra

ASA: Raha miasa tsara ianao anio dia hitombo ny karama ho raisinao FITIAVANA: Na oviana na oviana dia tsarovy fa tsy hanadino anao izany ny fony

Alakaosy 09 septambra - 08 oktobra

ASA: Tsy voatery karamaina foana ianao vao hanao asa FITIAVANA: Tsy hamadika anao izany izy anio ary ho mandrakizay

Alakarabo 11 aogositra - 08 septambra

Matoa ianao tojo an'io asa io dia fataro fa io no sahaiza anao

Adijady 09 oktobra - 07 novambra

Aza terena hitia anao izy

Adalo 08 novambra - 06 desambra

ASA: Aza atao velively ny mangalatra ao amin'ny toeram-piasanao sao ka ahitanao loza izany FITIAVANA: Diniho tsara aloha ny teny ho avoakan'ny vavanao sao hanimba ny fiarahanareo izany

Alohotsy 07 desambra - 15 janoary

Asa : Mila mijoro amin'ny foto-kevitra narosona ianao. Fitiavana : Mila manaja ny raia-mandreny ihany.

Alahamady 16 janoary - 14 febroary

Asa : Mila mifantoka amin'ny asa anio. Fitiavana : Efa mivitrana ny fiarahana ka mahaiza mifampitondra


Adaoro 15 febroary - 15 martsa

Asa : Manana toetra tsy mety afa-po ianao. Fitiavana : Mila tony tsara rehefa mihatrika zava-manahirana.

Adizaosa 16 martsa - 14 aprily

Asa : Tandremo ny fahasalamana. Fitiavana : Tsy misy ho lazaina aloha.

TONDRO-TENY




Valin'ny tondro-teny omaly

M A M A K A
A N A N A •
M A N A L A
O R • N O N
N A R A • A
I N A K A •
• A V O N A

TENY MIRANDRANA Lah. 7831

Ahidiro amin'izay tandrify azy ireto teny ireto dia ho mora aminao ny mamaky izany mitsangana sy mitsivalana :

- EKEO ANAKA ZANANI ANKILANI IOTAZANAI
ALEO OMEKO IALAHY TAKOLAKA ANOKAFANAI
AVIA OROKO EFATRA TOVOLAHY AHOLANA-
VITA IANAO ALEVENO ATAMBARO REO



KAKURO 805

Kakuro 805 grid with numbers. Row 1: 16 39 45 17 32 28 36 22 36 43. Row 2: 37 9 7. Row 3: 44 8 32 20 9. Row 4: 42 11 30 24 45. Row 5: 16 19 31 29 4. Row 6: 42 21 23 25 27 29. Row 7: 13 38 22 36 27 12 19. Row 8: 45 7 15 20 35. Row 9: 8 7 14 41. Row 10: 21 27. Row 11: 37 14.


Fenoy tarehi-marika 1 hatramin'ny 9 ny faritra fotsy. Kajio hanome ny tambatra (ankavia ho an'ny mitsivalana, ambony ho an'ny mitsangana) ny fitambarany. Tsy maintsy samihafa ny tarehi-marika ho an'ny tambatra iray. Efa misy toro-dalana napetraka ahafahana manomboka ny lalao.

MAHASOA

Ho antsika mpikojakoja na mpanamboatra fiarakodia na koa moto, rehefa manidy na mamaha ireny bilao ireny isika dia andraso hangatsiatsiaka aloha ny motera mba tsy hanimba ilay bilao, mety hoe bilao-na "alterateur na "démarrreur" sns ohatra,... mety hahamay mantsy izy ireo rehefa avy mandeha ilay milina na motera.

AMPITENENO NY BANGA

Fenoy ny banga dia hisy teny hivoaka amin'izany



Valin'ny lalao omaly : VAOMIERA + MANAVOTRA + KATSAKA = MIAVOSA

RESAK' HEHY Nanantona ny rainy i Tokikely, 6 taona. Ka hoy izy taminy. Jereo anie ry dada ny karinem-panadinako fa faharoan'ny farany e? dia jereo koa ny an' i Dada fa faharoan'ny farany mitovy amiko fa nokarohiko tao amin'ny fitoeran'entana tao e.

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Mampitombo toe-panahy ny mandray fahalalana. Fa ny fo kosa arakaraka ny izarany sy anolorany amin'ny hafa no mampitombo ny eo an-tanany ho bebe kokoa hatrany."  
Ny Vetso (14.10.16)  
("L'esprit s'enrichit de ce qu'il reçoit, le cœur de ce qu'il donne."  
Victor HUGO)

**Toliara**  
**Vehivavy avy naka vola maty voatitry ny jiolahy sady norobainy**

Raha nirahan'ny mpampiasa azy handeha haka vola « versement » tamin'ny « cash point » iray tao Tsianaloka-Toliara ity vehivavy iray miasa amin'ny teratany Karàna no notafihan'ny jiolahy omaly tokony ho tamin'ny 12 ora antoandro. Nirefotra ny basy ka maty vokatr'izany ilay vehivavy. Lasa avokoa ny vola rehetra tany aminy, izay efa an-tapitrisany maro.



Ilay vehivavy maty !

Araka ny fanazavàna azo, jiolahy roa nandeha môtô nirongo basy ary tsy nisy nisaron-tava no nanafika ilay vehivavy. Toa efa narahana'ireo mihitsy izy ka raha vao avy naka ilay vola dia notsenainy. Avy hatrany dia nanao tifi-danitra ireo jiolahy sady nosintoniny ny kitapo nisy ny vola teny amin'ilay ramatoa. Niezaka niaro izany anefa ity farany ka nifampisintonana teo ilay kitapo. Tamin'izay indrindra no tonga dia nitifitra ireo jiolahy ka teo amin'ny tendan'ilay vehivavy no gorobaky ny bala. Nikarapoka tamin'ny tany io ary nijininika ny rà. Teo noho eo ihany dia tapitra ny ainy. Tsy namelan'ireo jiolahy raha tsy azony ilay kitapo nisy vola.

**Karohina**

Nitsoaka nandositra tamin'ny môtô avy hatrany ireo jiolahy taorian'izany ka vetivety dia tsy hita ny nidifiyany. Taitra avokoa ny teo amin'ny manodidina nandre ny feom-basy sy nahita ny fatin'ilay ramatoa nitsirara nihosin-drà teo amin'ny arabe. Nampanandrenesina avy hatrany ny mpitandro filaminana ka efa manao ny fikarohana ireo jiolahy amin'izao ny polisy ao an-toerana. Nalefa tany amin'ny tranom-paty kosa ny fatin'ilay ramatoa. Tokony ho telopolo taona eo ity ramatoa namoy ny ainy ity. Nivarahontsana avokoa ny rehetra nanoloana ny zava-nitranga satria andro antoandro be no nisehoan'ity fanafihana namoizana ain'olona tao Toliara ity.

R.C

**MANAMPY ANAO**

**Permanences**  
**23 mars au 2 avril 2024**

- PHARMACE DE GARDE**  
**ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7**  
- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61  
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86  
- NANISANA - Nanisana ladiambola arrêt bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29  
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50  
- MAHAVOKY - Andravohangy 020 22 255 51/034 89 056 09  
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06  
**PÉRIPHÉRIE D'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7**  
Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84  
Grazia - Itaosy - 034 67 733 62  
Anosizato - 020 22 631 43  
Ambohivao - 020 22 482 64  
Avaradrano - Analamahtsy - 020 22 423 65  
Ambohitsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94  
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51  
Hasin'ny Aina - Mandrosoza - 034 99 776 21  
Ivato - 020 22 442 95  
Ambohidratrimo - 034 29 358 45  
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94  
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03  
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64  
Ambohimahtsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30  
Ambohimagakely - 034 25 372 52  
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy - 034 33 161 75  
Fitaviana - Ankadikely - 020 22 436 33  
Amaronakona By Pass - 034 36 115 15  
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67  
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02  
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25  
Abondance - Ifariby Ankarobato - 034 75 214 36  
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47  
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07  
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23  
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42  
Soa Ny Aina - Tsarahonana - 034 31 018 20  
MA Pharmacie - Ambohijanka - 032 11 102 11  
Ankarobato en face CSBII - 034 64 330 62

**A.M.I.T.**

- BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52  
ANTANIMENA TEL 22 303 86  
TALATAMATY TEL 22 588 51  
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

**AMBULANCE**

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555  
AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22  
AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73  
MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69  
CDU (Centre de diagnostic et d'urgence médical) TEL 22 329 56 / 032 07 822 28 / 033 11 822 28  
AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85  
MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11  
CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94 / 034 20 057 94 (24h/24)  
CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60  
AMBULANCE ET URGENCE CRTM-01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

**Lalao Afrikanina 2024**

**Navotan'i Eric Andriatsitohaina sy Laura Rasoanaivo ny voninahy-pirenantsika**

Mbola noprofoin'i Eric Andriatsitohaina (-55 kg), teo amin'ny fibatana fonjamby (arraché : 96 kg / épaulé jeté : 135 kg / Total Olympique : 231 kg) , sy Laura Rasoanaivo (-70 kg) tamin'ny fanaovana haiahy judo, nandritra ny andiany faha-13 ny lalao afrikanina, notanterahina tany Accra renivohitr'i Ghana, ny maha tompondakan'i Afrika azy mianadahy ireo tamin'ny taranja manavanana azy, izay nandrombahany medaly volamena, ka nitondrany avo ny voninahy-pirenantsika. Tsy midika akory izany fa maivana ny zava-bitan'ireo atleta sy ny mpilalao nihakabozona medaly volafotsy sy ny alimo. Eo amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena avo lenta tahaka ireny mantsy, dia ny medaly volamena azo no tena manandanja ka ahazahoana filaharana tsara. Araka izany na mahazo volafotsy sy alimo maro be aza ny firenena anankiray, dia tsy mahatohitra ny medaly volamena tokana azon'ny firenena hafa izany. Raha fehezina ny zava-bitantsika tamin'ny andiany faha-13 iny dia mihen-danja ny isan'ny medaly azontsika raha nampioharina tamin'ny andiany



Maromaro ny atleta sy mpilalao toa azy mianadahy ireo !

faha-12. Nandritra ny lalao notanterahina tany Rabat (Maroc) mantsy dia nahazo ny laharana faha-7 i Madagasikara, izay nandrombaka medaly volamena 6 sy volafotsy 14 ary alimo 2. Momba an'ny fifaninanana natao tany Accra iny, dia tsara ho tsiahivina ireo atleta sy mpilalao nahazo medaly volafotsy sy alimo : *Fibatana fonjamby* / Sabrina Andriamitantoa (- 49 kg), izay nahazo medaly volafotsy 1 sy alimo 2 – Fabia Andriamitantoa (- 45 kb), nahazo alimo tamin'ny fanaovana "épaulé jeté" ; *Judo* /

Natacha Razafindrakalo nahazo medaly volafotsy 1 ; *Echecs* / Fy Rakotomaharo, nahazo medaly volafotsy teo amin'ny fifaninanana natao an'olon-tokana , ary mbola nahazo medaly alimo ihany koa anefa izy raha niaraka tamin'i Aina Tsinjovinaivo teo amin'ny fifaninanana isan-tarika. Tsetsatsa tsy aritra no anamarihana fa misy rariny ihany ny fanapahan-kevitra noraisana tamin'ny fampihenana ny fitondram-panjakana ny isan'ny delegationina, niatrika ny lalao tany Accra.

aris rafaly

**TELEFAONINA ILAINA**

- HOPITAUX ET CLINIQUES**  
- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55  
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON - ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72  
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIG TEL 23 397 51  
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79  
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84  
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHTSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06  
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93  
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30  
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11  
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54  
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64  
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)  
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38  
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94 / 033 11 058 00  
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82  
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62  
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)  
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70  
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94 / 034 20 057 94 (24h/24)  
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)  
**ESPACE MEDICAL / SOS Médecins**  
- AMBODIVONA TEL 22 625 66 / 034 02 088 16 / 034 02 00 911  
**CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL**  
- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60  
**AROVY CLINIC**  
ATRIUM ANKORONDRAHO Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)  
**POMPIERS**  
- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86  
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76  
**POLICE SECOURS - GIR**  
- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117  
**COMMISSARIATS**  
- 1<sup>er</sup> ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54  
- 2<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46  
- 3<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30  
- 4<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51  
- 5<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48  
- 6<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52  
- 7<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29  
- 8<sup>e</sup> ARRONDISSEMENT ANALAMAHTSY CITE TEL 22 493 25  
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46  
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.  
Sosaity tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000  
Tale jeneraly : Jeremy RABESAHALA  
Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON 034 34 697 06  
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10  
Biraosy fandraharahana : Lalana Ravoninahitrinarivo B.P. 1414 - Antananarivo Tél : 038 34 344 34 Fax. 22 273 51  
e-mail : midigazetikom@gmail.com D.L.I : 16 606 - 03 - 24 Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

**Olatra sy voatabia endasina**

Zavatra ilaina : Olatra 400g, voatabia lehibe 4, tongolo gasy 5, mofo dipaina notetehina 1, ranom-boasarimakirana 5 sotra lehibe, dità, persily, menaka olive 3 sotra lehibe, dipoavatra, sira, menaka Diovy tsara ny olatra. Tsoahy ny tongony, dia teteho manify. Voasy dia teteho koa ny tongolo gasy sy ny mofo. Sasao madio tsara ny voatabia dia teteho. Endaso amin'ny menaka ny olatra. Asio sira sy dipoavatra dia arotsahy ao ny mofo dipaina notetehina. Rehefa mendy dia ataovy afo malefaka ka arotsahy ao ny voatabia, dia andrahoy kely indray. Tsoahy amin'ny lovia. Raiso indray ny lapoaly dia endaso ao ny tongolo gasy, persily, dità ary ranom-boasarimakirana. Rehefa vita io, dia raraho ery ambonin'ny olatra sy voatabia. Arosohy mafana.

Lakandranon'ny Pangalana

# Harem-pirenena tokony hametraka hoavy ara-toekarena mamiratra raha voatrandraka tsara

Ny lakandranon'ny pangalana dia lakandrano natao tanana anisan'ny lava indrindra maneran-tany. Mirefy 665 km raha miala avy eo Toamasina mipaka hatrany Farafangana. Lakandrano natoraly, misy renirano, farihy mahatratra hatrany amin'ny 25 metatra no habeny ary 15 metatra any ho any ny halavany. Ny mpanjaka Radama no nanomboka ny fanamboarana azy ity. Ny Frantsay kosa no nanao azy tamin'ny fampiasana ny malagasy tamin'ny alàlan'ny asa an-terivozona nandritra ny fanjanahantany. Manana harena an-kibon'ny tany sy harena anaty rano ary harena voajanahary an-tanety tsy hita pesipesenina ny faritra izay lalovan'ny lakandrano, raha tsy hilaza fotsiny isika, ny hazo sarobidy, ny vatsoa, ny vokatra fanondrana maro isan-karazany. Mbola tsy nisy lalam-pirenena rahateo tamin'izany fotoana izany ka teo no nitsiry ny hevitra ny vazaha ny hanamboarana an'ilay lakandrano, ahafahana mivezezy mitondra ny entana. Ny fifamoivoizana an-dranomasina ihany koa somary nanano-sarotra satria mahery be ny onja amin'ny Ranomasimbe Indianina. Nosokafana araka izany ny Pangalana ka ny malagasy no niaritra ny mafy tamin'ny asa fanamboarana. Io no anisan'ny asa goavana nataon'ny vazaha raha ny fahitan'ireo mpandinika. Tao ihany koa no nahafatesana malagasy be indrindra.



Tsy maintsy mampidina entana toy izao ireo mpitondra lakana, raha sendra marivo ny rano eny amin'ny lakandranon'ny Pangalana.



Andriamatoa Njaka Razafimahefa, mpiantsehatra amin'ny lafin'ny fizahantany.

## Mbola marisarisa anefa ny fitrandrahana azy

Maro ny vokatra an-dranomamy sy an-dranomasina mivezezy ao amin'ny lakandranon'ny Pangalana saingy ny famoahana izany no mila ezahina mafy, hahafahan'ny mponina miasa tsara ary hampivoatra ny fivelomany. Tombony lehibe raha voatrandraka tsara ny lakandranon'ny Pangalana satria tsy voatery hampiasa ny fitaterana eny an-tanety ireo mpandraharaha fa miondrana an-dakana dia afaka mitatitra ny entana sy ny mpandeha. Nisy ny asa fan-davahana sy fanadiovana ny lakandranonany « dragage » nataon'ny « APMF » teo aloha. Mbola mitohy io asa io ary vao ny herinandro teo no nanao fitsirihana ny fizotry ny asa ny tomponandraikitra eo anivon'ny « APMF ». Marihina fa misedra fahasahiranana ny vahoaka raha tsy atao ny fikarakarana ilay renirano satria ao no hifantohan'ny fiveloman'ny mponina. Misy faritra marivo anefa ny rano ka misedra fahasahiranana ny olona, ary na ny lakana kely na ny vedety dia tsy tody rehefa mitondra entana. « Raha ho any Toamasina dia marivo ny rano manomboka eo Masomeloka, hatrany Ambalavotaka. Voatery mampidina entana ny mpitatitra an-dakana. Ho anay izao

dia 28 taonina eo ho eo ny entana entinay. Herinandro eo ny faharetan'ny dia ary rehefa misy ny vinany mison-drotra dia mijanona kely izahay. Io maintsy no tena atahorana ary ankoatra izay dia ilay mampidina entana isaky ny mihetsika tena manahirana. Zava-dehibe aminay raha lavahana io lakandrano io ary esorina avokoa ny vila » : hoy ny mpampiasa lalana. Amin'ny andro lohataona dia marivo ilay lakandrano. Misy toerana tokony halebeazina sy hateviny ihany koa. Matetika maintsy dia tavela ny lakana ary tsy maintsy ampandinana na angalana ny entana izay vao afaka mandeha. Misy fotoana mijanona 2 na 3 andro eny an-dalana ireo mpitatitra ka mitombo ny fatiantoka. Lany ny sakafon'ny vatsy. Indraindray koa rehefa avy ny orana dia simban'ny entana.

## Sehatry ny fizahantany

Izy no Njaka Razafimahefa, mpiantsehatra amin'ny fanomezana tolotra eo amin'ny lafin'ny fizahantany ao Toamasina. Manana sambo roa izy ireo, ary anisan'izany ny lakana Ravinala. Efa nandrahara tao Toamasina nanomboka ny taona 2008, andriamatoa Njaka Razafimahefa, mandraka androany. Nitatitra olona fotsiny izy ireo teo aloha miala eo Toamasina man-

kany Ambila Lemaintso. Nony avy eo dia nihitatra tany Vatoman-dry ilay zotra ary nitohy tao Mananjary hatrany Mahanoro...sns. Izany hoe manana toerana azo hitsangatsanganana ao Ankanin'i Nofy izy ireo ary mikarakara « voyage organisée » ihany koa ho fanomezana faham-po ny mpizahantany, tonga hizaha ny hakanton'ny lakandranon'ny Pangalana.



Ireo vila efa maty, nampiasain'ny mpanarato.

« Hatreto dia afaka manao ny asanay ara-dalàna izahay na dia misy aza ny fanelingelenana madinika eny Pangalana. Misy karazany telo ny lakana miasa eto amin'ny renirano ity dia ao ny lakana mpitatitra entana, ny mpitatitra mpandeha, ny mpitatitra mpizahantany. Ity farany dia tsy maintsy manaraka ny fepetra indrindra fa eo amin'ny fikarakarana taratasy. Somary manahi-

rana izy io satria tianay raha mba karakaraina 2 andro mialoha ny taratasy fa tsy amin'ny andro fiangana vao hikoropaka. Ny Faharoa dia ny lafin'ny fahadiovana amin'ny lakandrano. Ho anay dia henatra izy io satria toa mamitaka an'ireo mpizahantany izahay rehefa maneho azy ireo sary. Hafa ny hitany any amin'ny tambajotra kanefa tsy mifandraika amin'



izany ny tena hita maso. Mitondra mpizahantany izahay ka kivy izy ireo rehefa mahita ny loton'ny lakandrano, indrindra eto am-piangana amin'ny seranana Manangareza. Ilay loto dia tsy an'ny vahoaka loatra amin'ny ankapobeny fa menaka sakafon'ny amin'ny orinasa manodidina ary ao koa ny loton'ny « hydrocarbures ». Misy ihany ny fifampiresahina saingy tsy mipaka aty

aminay loatra ilay izy. Mbola mila ezaka be isika eo amin'ny fanajana ny tontolo iainana satria mahakivy ny mpizahantany. Azo hatsaraina ilay izy ary tokony hisy ny fampiharana ny lalàna ho an'izay lafiny izany » : hoy andriamatoa Njaka Razafimahefa.

## Vila (fihazana trondro)

Betsaka ny renirano mamatsy an'ny pangalana ary io no mitondra fasika manentsina azy ka lasa mamparivo an'ilay renirano. Raha lakana mavesatra no ampiasaina dia hita ny fahasahiranana vokatra ny fasika. Mila fanadiovana matetika izy io na ilay antsoina hoe « dragage périodique ». Ny vila ihany koa dia tena olona ho an'ireo mpampiasa lalana. Ny antsoina hoe vila dia fefy fihazana ireo mpanarato trondro. Asian'izy ireo hazo eny ampovoan'ny rano ary any ambanin'ny rano misy lamba ifatotra na « lay ». Raha tokony ho izy dia tokony hametrahana lalana sahabo ho 30 metatra eo ho eo amin'ny ilay vila mba hahafahan'ny sambo mandeha. Tsy izay anefa ny zava-misy ataon'ny mpanarato ary tsy voahaja ny fametrahana vila. Ahiana hitera-doza ilay izy satria tsy hita ny vila rehefa tena mandeha ny lakana. Mampitaraina ny mpampiasa ny lakandrano ny vila.

Noho izany dia mila halalahana tsara ny lalana. Ohatra ny fametrahana ireo balizy amin'ireny vila ireny mba hahalalana ny lalana tokony halehan'ny lakana. Matetika koa ny vila maty izay tsy voasotra eny ambony rano. Tokony hisy araka izany ny fandraisana andraikitra ataon'ny « APMF », na mba hanala an'ireny vila efa tsy miasa ireny intsony hisorohana ny loza. Marihina fa manana hoaviny mamiratra ny lafin'ny fizahantany ao amin'ny reniranon'ny Pangalana. Io Pangalana io no toerana mbola tena hoe natoraly. Raha teo aloha ny olona variana mankany foulpointe, Sainte Marie, Nosy Be. Amin'izao fotoana izao anefa dia ny lakandranon'ny pangalana no mbola azo trandrahana. Ny olona rahateo rehefa tonga eto Madagasikara dia tsy hizaha tany fotsiny fa hankafy ny tontolo sy ny hakanton'ny zava-boahary. Izany rehetra izany dia anisan'ny mampivavaka an'i Pangalana. Tafiditra amin'izany koa ny lafin'ny filaminana, anan'ny eto Pangalana. Raha ny ao amin'ny ankanin'ny nofy ohatra dia milamina, tsy misy dahalo izany ary azo atao ny matory eny ivelany na tsy manidy varavarana aza. Izany rehetra izany dia tena harena be eto amin'ny Pangalana avokoa.

Deyland

**Telma**

*Inscrivez-vous en 5 minutes !*

# **BIZINESY' PACK**

Gérez en ligne le succès de votre activité :  
Fibre, téléphones, selfcare

